Apokalypsy, Bokin'ny Mari-pamantarana



Manao ahoana, ry sakaiza. Ireo milina fikopahana ireo no manakorontana ahy. Noho izany dia faly izahay ny tonga eto izao maraina izao mandritry ny fotoana fohy fotsiny, mba—mba hiresaka aminareo. Ary tsy mihevitra aho fa manana toerana anankiray mihitsy Rahalahy Neville ao amin'ny Soratra izay hanaovany ny sekoly Alahady, noho izany fotsiny isika, angamba hamela ny Fanahy Masina fotsiny, arak'izay ahatsapantsika ho voatarika mba—mba hanomboka na aiza na aiza Tiany, na toko inona no ho vakiantsika. Somary tahaka an'izany no itiavako azy, tsy misy fanao mahazatra mikasika azy arak'izany, tsy misy na inona na inona ara-pomba, mandray azy avy amin'ny Tompo fotsiny isika, ary mandroso avy hatrany.

2 Ary tena sahirana aho. Nanana fivoriana iray maha-te-ho tia izahay tao amin'ny Cadle Tabernacle. Ary ny ampahany maha-te-ho tia indrindra an'izany, ankoatry ny fanasitranana, araka ny hevitro, dia omaly hariva, ilay antso teny amin'ny alitara, izay nisy an-jatony nirohotra teo amin'ilay laharana tany, ka nameno tanteraka an'ilay toeran'ny rehetra, ny làlantsara rehetra, ary aloha-sy-aoriana teo amin'ireo sisiny, ary olona izay nanatona an'i Jesosy Kristy Tompo. Ary izany no zavatra lehibe, amin'ny rehetra, dia ny mahita ny olona nateraka indray, miditra ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra.

3 Ary hitanareo ilay vondrona kely eto, tsy manana anarampiangonana mihitsy isika, na mpikambana, manana fiombonana amin'ny hafa fotsiny isika. Izay miditra, dia mitory ny Filazantsara amin'izy ireo isika.

4 Te-hampahafantatra fotsiny aho izao maraina izao, rahalahy roa any aoriana izay tena fantatro tsara, sakaiza malalako anankiroa. Rahalahy Sothmann, avy any Canada, izy sy ny sakaizany. Izy ireo dia avy any, mino aho fa izy ireo dia... Ilay lehilahin'ny vatomamy, inona ilay toerana ipetrahanareo, rahalahy? Izaho tsy afaka...Ary avy eo ilay rahalahy eo akaikinao eo. Iowa, marina izany. Mihinana ny vatomaminy, mandeha eny an-dàlana; tokony ho fantatro izay nipetrahany, sa tsy izany? Noho izany dia tena mankasitraka isika ny manana azy ireo androany, amin'ny maha-sakaizantsika mpitsidika miaraka amintsika. Mivonona izy ireo, heveriko, ny handeha hankany Canada ankehitriny.

5 Ary avy eo dia manohy hatrany amin'ilay fivoriana manaraka izay hisy any, manomboka amin'ity herinandro ity,

ilay ampahany farany an'ity herinandro ity, ary ny fahatelo amby roapolo, any Minneapolis, ny Christian Business Men.

6 Ny Alakamisy hariva, dia any Chicago, ao amin'ny Chicago Gospel Tab-. . . Mino aho fa ilay Fiangonana Filadelfiana izany, hia, ho an'ny Alakamisy, amin'io Alakamisy hariva ho avy io any Chicago.

7 Tamin'ity tolakandro ity, dia tokony ho tany amin-dry Junior Cash izahay teo amin'ny roa ora teo, ankehitriny ho, raha mandeha tsara ny zavatra rehetra, ho an'ny fanokanana an'io tabernakla io. Ary—ary heveriko fa izy no nilaza fa nanana moana vitsivitsy izy. Fa, ny teny dia niparitaka nanerana mikasika an'ilay moana sitrana tany Indianapolis, izay teraka moana iray, ary teo amin'ny valo amby roapolo taona teo izy, fa tsy niteny na nandre mihitsy. Ary mitondra moana maromaro izy ireo any amin'ity tolakandro ity. Raha afaka miditra ao amin'izany fotsiny aho ankehitriny mba hivavaka ho azy ireo. Ary izany dia eo amin'ny anankiray tranainy. . . ity tranainy 3, State Road 3 tranainy ity, any ambonin'i Charlestown mihitsy. Raha afaka ho tonga any aho.

8 Manana zavatra sasantsasany tena lehibe sy maika tsy maintsy hatao avy hatrany aho. Ary noho izany rahampitso, hidina, dia tsy maintsy handeha hidina any Kentucky aho eo amin'ny dia iray. Ary izany no somary mihazona ahy ho tena sahirana. Fa rehefa mahavita an'ireto fivoriana ireto aho ankehitriny, dia manana fotoana kely aho, manana fakan-drivotra kely iray aho. Hiverina aho afaka enina herinandro eo ho eo. Handeha any Canada aho ary avy eo dia any amin'ny Morontsiraka Andrefana. Noho izany dia mivavaha ho ahy, manana fanapahan-kevitra betsaka ho raisina avy hatrany aho, fanapahan-kevitra tena manan-danja, noho izany dia mivavaha ho ahy. Hiankina aminareo aho mba hivavaka ho ahy.

9 Ankehitriny ireo fotoana rahariva, amin'ny maha-pasitera malalantsika, Rahalahy Neville, izay efa tsindrimandry foana, ary tonga tamin'ny maraina, dia nihevitra aho fa ho tonga fotsiny, hipetraka, hihaino azy miresaka. Fa izy dia lehilahy iray tena manana fahalalam-pomba betsaka, ka izy fotsiny, mila olona izay ifankatiavany izy. Heveriko fa izany no Soratra hoe, "mifankatiava," hitanareo. Izaho—tiako izany. Ary azoko antoka fa faly isika rehetra ny amin-dRahalahy Neville, ny pasiterantsika, ho izany karazan'olona izany. Izay maha-izy ny lehilahy iray, dia ny maha-izy azy ao amin'ny fony, hitanareo fa. . . ary maneho ny tenany tahaka an'izany izy, maneho hoe inona izy.

10 Ankehitriny aho dia karazan'ny tsi-. . . Eny, am-pahatsorana, vao teo amin'ny dimy amby telopolo minitra aho izay no nifoha, koa noho izany dia somary very hevitra aho eto hoe inona no hanombohana. Manana toerana telo aho eto

nalaina tao amin'ny Soratra. Manana anankiray aho ao amin'ny Petera Voalohany, ary ilay anankiray hafa ao amin'ny Bokin'i Joda, ary ny anankiray ao amin'ny Apokalypsy. Ankehitriny dia aiza no hanombohantsika amin'ity fotoana ity? Enga anie ny Tompo hanampy antsika ankehitriny, ka hitahy antsika betsaka sy mihoatra, raha miandry Azy isika.

11 Noho izany, manantena aho fa tsy manapaka be loatra ny tsio-drivotra ho an'ny olona rehetra io milina fikopahana io. Sa tsy izany? Na, heveriko fa ho an'ny polipitra indrindra izany. Sa tsy izany, Rahalahy Cox, *ity* eto ity? Hia, eny, azoko antoka fa faly aho. Ilay—manimba ahy betsaka ilay izy, io amin'ny tsy fisian'ny fisaronana eo an-tampon'ny lohako. Mety . . . Ny vehivavy no natao hanana fisaronana iray eo ambony; fa tsy, heveriko, fa ny lehilahy tsy izany. Nihintsana izy, ary tsy nikatona intsony ireo lavaky ny hoditra tao aoriana tao, teo amin'izay nihintsanan'ireo volo; ka ilay tsio-drivotra kely indrindra fotsiny, dia farim-peo aho afaka minitra vitsy. Noho izany, dia tsy maintsy somary mitandrina an'izany aho. Manao zavatra aminareo fotsiny ny fahanterana, sa tsy izany?

12 Oh, fa, ndao isika hanandrana ny Bokin'ny . . . Matahotra aho sao ho lasa lalina loatra raha manandrana hiditra ao amin'ny Bokin'i Joda eto, satria izany dia momba ny "fikomian'i Kora," ary, "manaraka ny fahadisoan'i Balama, ka levona ao amin'ny fikomian'i Kora," izay angamba hila fotoana lava ho antsika. Tehivavaka ho an'ny marary izay eto isika izao maraina izao.

13 Ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy, ka hanomboka ho an'ny andininy iray na roa fotsiny, mba hahazoana foto-kevitra kely iray ary hampianatra mandritry ny minitra vitsy, mandra-pivoakan'ireo ankizy. Ary hamarana isika ka hanao vavaka ho an'ny marary, avy hatrany. Ankehitriny, ilay Boky no Boky farany an'ny Baiboly. Ary tsy misy anankiray ato . . . Ity Boky iray ity ihany no nilaza fa:

> . . . *tsy nisy olona tany an-danitra,* na *tety an-tany,* na tany ambanin'*ny tany, izay* mendrika na *afaka ny* handray *ny boky,* . . . (mba hanokatra azy, na hamaha an'ireo tombokase, na inona na inona.)

Tsy nisy olona, arseveka, na mety ho iza izy, tsy mendrika izy, ary tsy nanana fomba hanaovana an'izany.

> Ary avy eo dia tonga ny Zanak'ondry, izay efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, *ka nandray ny boky avy teo an-tànana ankavanan'ilay nipetraka teo ambonin'ny seza fiandrianana,* ary, satria Izy no mendrika, ary Izy no nanokatra Azy sy namaha an'ireo tombokase.

14 Noho izany dia ndao isika hangataka Aminy fotsiny raha hamaha an'Izany ho antsika Izy izao maraina izao, ka hanokatra an'Izany, raha manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny isika.

15 Ry Rainay any An-danitra, mankasitraka Anao izahay androany nohon'ny tombontsoa amin'ny fanatonana Anao amin'ny alàlan'ny vavaka, sy ny amin'ny finoana ary ny fananana finoana iray fa hanaja an'izay angatahanay Ianao. Satria, tsy hoe satria izahay no mangataka, fa satria mankatò an'izay Nolazainao izahay hoe, "Mangataha; dia hahazo. Tsy mahazo ianareo, satria tsy mangataka. Tsy mangataka ianareo, satria tsy mino." Ary, Ray, tianay ny mangataka Aminao, satria mino izahay fa hahazo an'izay nangatahanay.

Ary ny zavatra voalohany, Ray, ho an'ireo fahotako manokana sy ireo fahotan'ity fiangonana ity, izao maraina izao, mangataka am-panetre-tena ny famelàna ny fahotan'ny tsi-fankatoavana rehetra aho, sy ny fahotan'ny tsi-fanaovana, ary na mety ho inona ilay izy. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanadiovanao ny fonay sy ny fanahinay, izao ankehitriny izao, amin'ny heloka rehetra, ny fahotana rehetra, ny hadisoana. Ary aoka ny Fanahy Masina hanavao fotsiny ao anatinay ny karazana fo sy saina tsara iray, hanompo Anao. Ekeo izany, Ray.

Ary mivavaka izahay mba Hanasitrananao ny marary sy ny ory rehetra, ary amin'ny alàlan'ny Teny. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ary ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Ary enga anie ny Fanahy Masina hiditra ankehitriny ka—ka hihazona ny Teny, handray an'Izany avy hatrany ao amin'ireo fo vao, vaovao, madio eo ireo, ary amboleo eo miaraka amin'ny finoana lehibe Izany izay hampandroso azy ireo avo kokoa fotsiny, avo kokoa eo amin'ilay làlana, mandra-piditr'izy ireo eo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo Jesosy ka handray ny fanasitranany, ireo fitahiana izay angatahan'izy ireo. Fa, ho an'izany no ahatongavanay, dia ny hivavaka Aminao, sy hangataka Aminao, sy ho voadio sy voakosoka, ary—ary sitrana, ka hiverina ao amin'ny asa indray, Tompo, mba hanompo Anao ao amin'ny zorony kely rehetra izay Nanirahanao anay. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy izahay, Zanak'Andriamanitra. Amena.

16 Ny Bokin'ny Apokalypsy no fanisiana tombokase an'ilay fijoroana vavolombelona farany an'ny Tompo Jesosy. Ary izany dia nomena . . . Ny toko voalohany, no hanombohantsika. Nieritreritra aho fa hanomboka ao amin'ny sasany amin'ireo mari-pamantarana hafa angamba isika. Ankehitriny, ilay Boky manontolo dia nosoratana tamin'ny alàlan'ny mari-pamantarana. Saiky tsy misy na inona na inona Teny mivantana mihitsy, izay ametrahanareo an'Izany mihitsy ka milaza . . . Amin'ny alàlan'ireo mari-pamantarana Izany. Ary manana fomba iray fanaovana an'izany Andriamanitra, sy antony iray hanaovana an'izany. Tsy manao na inona na inona Andriamanitra raha tsy manana antony iray Izy ao ambadik'izany. Ary misy olona iray ve . . . Kilasy iray ity ankehitriny. Hisy olona iray ve hanana fisainana iray, ny antony

Nanaovany an'izany? Ity ilay izy, mba Ahafahany "manafina an'izany amin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina, ka nanambara an'izany tamin'ireo zaza izay te-hianatra." Tsy tsara fanahy ve Izy, manao antsika tahaka an'izany?

17 Ankehitriny, raha ireo mahay malaza, sy ny sisa, no nanana ny rehetra—ny Filazantsara rehetra araka ny nametrahan'izy ireo azy, dia tsy maintsy miondrika amin'izany fotsiny isika, avy eo dia hivoaka eto izy ireo ka hanao an'ireo karazana fombafomba rehetra sy ny sisa, ary ho nanana fotoana iray mahatsiravina isika. Ary ho natolotr'izy ireo miaraka amin'ny fiteny amin'ny fomba feno fahaizana Izany, hany ka, nahoana, ho nandalo teo ambonin'ny lohantsika Izany ka tsy ho nahafantatra na inona na inona mikasika an'Izany akory aza isika.

Fa tena mankasitraka isika fa ny Raintsika any An-danitra, tsara fanahy dia namindra fo tamin'ny mahantra sy tsy mahay mamaky teny, tahaka ahy, ny tenako; mba hampanantena ahy, sy ianareo, fa raha hipetraka fotsiny isika ka hangataka, dia hanambara ny Tenany amintsika Izy. Tsy mahafinaritra ve izany?

Ireo fanekem-pinoantsika rehetra sy ireo fientanam-pontsika rehetra, ary ny zavatra rehetra izay ananantsika, ireo rehetra ireo dia nampiana fotsiny.

18 Zavatra tokana ihany no tsy maintsy hataon'ny olona rehetra mba hahafantarana an'i Kristy, "Minoa ny Tompo Jesosy amin'ny fonao rehetra, dia ho voavonjy ianao."

Noho izany ankehitriny dia manana an'ireo endrika batisa isika ary manana an'ireo fanekem-pinoana samihafa, ary samihafa ao amin'ireo zavatra izay ataontsika, sy ireo zavatra kely napetraka. Saingy nataon'olona izany rehetra izany. Teo amin'izay nandraisantsika an'*ity* fotsiny ary olana kely avy amin'izany, ary *eto* ka manao olana kely iray, ireo Presbyterana, sy ireo Evanjelika, sy ireo Mpanara-pototra, sy ny sisa, ary ireo Pentekotista, sy ny Fahamasinana, sy ireo Kalvinista, ary izy rehetra dia manana foto-kevitra kely izay nananan'izy ireo, ary manao foto-pampianarana avy amin'io anankiray io izy ireo.

Raha ny marina, ny zavatra tokana dia, "Minoa ny Tompo Jesosy." "Zahao ny Soratra, Izy ireo no Hany manambara Ahy," hoy Jesosy.

19 Ankehitriny, tsotra toy ny ahoana ilay izy, arak'izany, ka tsy mampaninona na ahoana—tsy *mahay mamaky teny* toy ny ahoana (izany hoe, "tsy nianatra") no mety haha-izy ny olona iray, dia afaka ny ho ara-pahamasinana sy masina mihitsy tahaka ny arseveka iray izy ireo. Hitanareo? Mahafinaritra ve izany? Tsy mampaninona na kivy toy ny ahoana aza ianareo, na ianareo dia—na manam-pahefana iray ianareo na mety ny ho zazavavin'ny làlambe iray ianareo, mitovy no itiavan'Andriamanitra, ary maty mihitsy ho an'ilay

mpivarotena tahaka ny Nahafatesany ho an'ilay manampahefana. Hitanareo? Eny. Raha manomboka mieritreritra an'ireo zavatra ireo ianareo, amin'izay fotoana izay izany—manova ny zavatra rehetra izany. Sa tsy izany? Manova an'ilay toe-tsaina manontolo. Manova ny hevitrareo manoloana an'Andriamanitra.

20 Indraindray, eto, satria manindry mafy kely fotsiny eo amin'ny resaka fifidianana. Ary izany no antony nihodinako izao maraina izao, niala tamin'i Petera, satria fotoana vitsy farany teto dia namely mafy an'ilay fifidianana aho, nihevitra aho fa angamba hiala lavitra an'izany vetivety fotsiny, satria hihevitra ianareo . . . Tsy te-handeha hanisy tsindrim-peo eo amin'ny inona na inona aho. Fa, ny zavatra izay noeritreretiko eto, dia hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Branham, raha Andriamanitra, fifidianana, eny, ary raha nantsoina nohon'ny fifidianana izy, eny, amin'izay fotoana izay, oadray, dia manao an'izay rehetra iriako hatao fotsiny aho." Eny, izany no maneho fa tsy voafidy ianareo. Hia. Marina izany. Hitanareo?

21 Satria, ho tia Azy betsaka tokoa ianareo, ny mieritreritra fa—fa nitia anareo betsaka Izy fony ianareo tsy azo notiavina, ary talohan'ny nanananareo zavatra natao tamin'izany, dia nifidy anareo Izy. Ahoana no ahafahanareo mandà zavatra tahaka an'izany? Nahoana, ilay izy amiko dia toy ny hoe izany dia hametraka, izany dia hametraka ny fifidianana ambony kokoa noho—noho ny lalàna, izany dia . . . na hametraka hevitra aradalàna iray izany. Nahoana, handeha any ankoatry ny zavatra rehetra fotsiny izany, ny mieritreritra fa fony aho tsy azo notiavina, dia efa tia ahy Izy! Ary ny mieritreritra, fa rehefa tsy nanana na inona na inona azoko natao mikasika an'izany aho, dia Nalainy aho ary novonjeny aho, nohon'ny Fahasoavany. Azo antoka fa tokony hankasitraka betsaka aho mba hanompo Azy sy ho tia Azy. Hitanareo? Koa tahaka an'izany no tsapantsika mikasika Azy rehefa manisa an'ireo fitahiana isika.

22 Ary eritrereto, ahoana moa raha hoy Andriamanitra hoe, "Ankehitriny, ireo izay manana ny—ny diplaoman'ny sekoly ambony iray fotsiny, na farafahakeliny diplaoma roa an'ny kolejy, no hany afaka ho Mpianatro"? Eny, inona no ho nataonay olona mahantra, tsy mahay mamaky teny? Na, oadray, miresaka amin'ny tenako aho rehefa milaza hoe, "izahay." Ny tiako lazaina dia ao amin'ny "ahy," izaho sy ny fianakaviako, hitanareo. Inona no ho nataontsika? Inona no ho nataon'ny iray amintsika? Inona no ho nataon'ireo mpikarakara tokantrano mahantra, kely? Ahoana moa raha hoy Izy hoe, "Ny mpitondra fivavahana ihany no ho voavonjy, ilay asam-panompoana fotsiny, izay ihany. Ny sisa amin'izy ireo fotsiny . . . Tsy maintsy mametraka ohatra iray fotsiny izy ary hanao an'ireo olona ireo hiezaka hiaina mahitsy tapany"? Inona no ho nataonareo mpikarakara tokantrano mahantra, kely, sy ianareo rehetra?

Ho very ianareo. Ahoana moa raha nilaza fotsiny Izy hoe, "Ho voavonjy ilay taranaka fotsy, izay ihany; ny taranaka mainty, ny taranaka volontany, ny taranaka mavo, tsy misy idiran'ny iray aminareo amin'izany, very ianareo rehetra"? Tsy hahatsiravina ve izany?

23 Tena faly aho fa hoy Izy hoe, "Na iza na iza maniry, dia aoka fotsiny izy ho avy." Fa, tsy mampaninona, tanora, antitra, kely, mainty, fotsy, volontany, na inona na inona, tongava fotsiny, misotroa avy amin'ireo loharanon'ny Tompo, maimaim-poana. Tsy voatery handoa zavatra iray ho an'izany, tsy misy zavatra iray. Ary, tsarovy, rehefa avy nomena ilay fanasana, dia mbola tsy afaka ho tonga foana ianareo raha tsy Izy no miantso anareo sy mifidy anareo. Marina izany. "Tsy misy olona afaka." Eto dia hoy Izy hoe, "Maimaim-poana ho an'ny olona rehetra ilay Loharano, ary tsy hisy olona hanatona raha tsy Ny Raiko no miantso azy aloha."

24 Ary avy eo rehefa ny, [Mandondòna eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] tonga ny fandondònana iray, ka nanao hoe, "Manasa anareo Aho ho tonga, hisakafo miaraka Amiko, rankizy, avia," ahoana no ahafahanareo handà an'izany? Izany dia toy ny, amiko, toy ny fahavoazana ara-tsaina, ny—ny mandà fanasana iray tahaka an'izany, rehefa ilay Ray tsara fanahy, any An-danitra . . . Tsy ny hanana fiombonana eto fotsiny, fa ny ho voavonjy mandrakizay, mba hiaina miaraka Aminy ao amin'ilay fahabetsahan'ny Azy, ireo habetsahan'ny Famindrampony, sy ao amin'ny Voninahiny. Ary ny hanolo an'io fisainana tranainy, ara-nofo io amin'ny anankiray madio, masina, nohamasinina! Ary hanolo an'ity vatana antitra, mahia izay mihena ity, ka hanolo an'izany amin'ny anankiray tsy mety maty izay tsy ho diso mihitsy! Ary mandray satroboninahitra izay tsy ho levona mandrakizay! Ary hanolo ny fahafatesana amin'ny Fiainana! Ary hanolo ny helo amin'ny Lanitra! Manolo ny alahelo amin'ny fahasambarana, oh, oadray, ary manasa anareo hoe "avia"! Ahoana no ahafahanareo handà an'izany? Hitanareo? Ahoana no ahafahanareo handà an'izany? Izany dia—mahatsiravina ny mieritreritra an'ilay tena fisainana mihitsy ny amin'ny andàvana an'izany. Sa tsy izany?

25 Ary, oh, oadray, tiako ny mahita an'Andriamanitra manasitrana ny Zanany, izany tokoa. Aza diso fandray ahy. Fa ny antony anankiray nanamarihako, raha mahamarika ianareo tato ho ato, dia niezaka aho, na aiza na aiza alehako, rehefa mahazo fanasana iray aho, mba hanery ahy hitory teny kely fotsiny. Namela ny toriteniko aho, ary mametraka be loatra eo amin'ny hosotra fotsiny izany ary miasa eo amin'ilay—ilay ampahany Mandrakizay . . . an'ilay ivelan'ny voajanahary, raha ny marina, izay, rehefa, mba hahita fahitana. Ary mahafinaritra izy ireo, ary misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'izany, kanefa ny fitoriana ny Teny dia iray tapitrisa maily any

ankoatran'izany, rehefa mahita ny mandringa mandeha aho, ary ny jamba mahita.

26 Indray hariva, rehefa io ramatoa izay nipetraka teo io, nalemy niaraka tamin'io aretin-kozatra io, ary teo am-pahafatesana teo amin'ny seza izay nipetrahany, ary ny Tompo Jesosy, niaraka tamin'ny Famindrampony, dia naneho fahitana iray teo aminy, niantso azy hiala avy teo amin'io seza io. Tonga tao amin'ny efitro ny dokoterany, ka nanao hoe, "Reverà Branham, te-hanontany anao aho, inona no nataonao?"

27 Hoy aho hoe, "Tsy misy na inona na inona. Ny finoany an'ny Tompo Jesosy, no nanao an'izany."

28 Ankehitriny dia tiantsika rehetra izany! Ary toy ny ahoana no itiavantsika azy, mahita ny marenina sy moana, teraka marenina sy moana, ao amin'ny tontolo iray izay tsy niresahana na re mihitsy, nipetraka teo fotsiny tahaka ny vodihazo iray, ary avy eo dia nandre an'io olona io nitsangana sy niresaka ary nandre. Mahafinaritra izany! Fa, oh, tsy misy na inona na inona tahaka ny mahita fanahy very iray tonga, mitomany mankeo amin'ny alitara, manao hoe, "Andriamanitra, mamindrà fo amiko, mpanota iray!" Ho faty indray ny moana, ho faty ny paralytika, harary indray ny marary rehetra ary ho faty. Fa io fanahy izay voavonjy io, dia voavonjy mandritry ny Mandrakizay, mandrakizay, tsy ho levona mihitsy. "Izay mandre Ny Teniko, mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, Mandrakizay; ary tsy ho tonga amin'ny Fitsarana mihitsy, fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Satria, nino ny Tompo Jesosy izy ireo. Amena. Mahafinaritra ve izany?

29 Oh, tokony hamokatra hetsi-pitiavana iray fotsiny izany izay hiparitaka manerana an'izao tontolo izao mihitsy. Izany no nokasain'i Jesosy hataon'Izany, ny Filazantsara ho an'izao tontolo rehetra izao. Tokony hifatotra ao am-pon'olombelona izany hany ka tsy afaka hatory andro aman'alina izy ireo, mandra-pahavoavonjy ny olona.

30 Jereo i Paoly, "Mpifatotra iray," hoy izy, "an'ny Tompo Jesosy," Jiosy iray nirahina ho any amin'ny Jentilisa. Noroahin'ny olony haingana izy rehefa nitodika tany amin'ny Jentilisa. Hitanareo? Saingy lasa mpifatotra iray an'ny Tompo Jesosy izy.

31 Tahaka ny any Afrika. Ny olona fotsy hoditra dia tena manambany an'ilay—ilay olona mainty hoditra any, hany ka raha tratra nikambana fotsiny aza ianareo, "Oh, oadray, mahatsiravina toy ny ahoana!" Hitanareo, miantso azy ireo amin'ny anarana rehetra, tsy mino akory aza fa manana fanahy iray izy ireo, ny maro amin'izy ireo. Ary ny mieritreritra fa ny lehilahy fotsy hoditra iray arak'izany izay nantsoina, lehilahy iray tahaka an'i Paoly, dia nantsoina ho an'ny

famonjena an'io lehilahy io. Isaorana Andriamanitra fa tsy eto Amerika sy firenena hafa maro izany, fa efa tao amin'izany aho. Angamba ho an'ilay olona mavo ny hoe, "Mandehana ianareo mankany amin'ny rehetra!" Dia hoy i Paoly hoe, "Mpifatotry ny Tompo Jesosy aho, saingy," hoy izy, "mankalaza ny asako ao amin'ny Tompo aho." Toy ny ahoana no naneren'ny fitiavan'Andriamanitra azy handeha eo anivon'ireo Jentilisa maloto, izay noheverina ho "alika." Fa hoy i Paoly hoe, "Mankalaza ny asako ao amin'ny Tompo aho, satria Izy no nanome ahy ny fanararaotra handehanana hikarakara an'ireo 'alika,'" amin'ny teny hafa.

32 Jesosy, Izy tenany, dia nihevitra an'ilay vehivavy Jentilisa, tahaka antsika, isika olona eto, vehivavy Syrofenisiana, ka nanao hoe, "Tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manome an'izany ho an'ny alika."

33 Hoy izy hoe, "Marina izany, Tompo, saingy ireo alika dia manaiky ny hihinana an'ireo sombintsombiny izay latsaka avy eo amin'ny latabatry ny tompo."

34 Nahakasika Azy izany. Izany no namoha ny Fanahy Masina, nahafantatra fa tsy ho ela dia tsy maintsy hohajambaina ireo mason'ny Jiosy, ary tsy maintsy hitodika any amin'ny Jentilisa Izy avy eo.

35 Te-hanome tsiambaratelo kely iray anareo aho. Nitahy ahy betsaka ny Tompo, ary Izay omeko ny dera, nohon'ny fivavahana ho an'ny marary. Ary efa nandinika an'izany aho nandritr'ireo taona ireo, ka hitako fa izany no fahamarinana tanteraka. Izaho tsy afaka mihitsy, tsy hahavita ny fivavako hivaly mihitsy raha tsy miditra avy hatrany ao amin'ilay tena fiombonana marina tokoa aho miaraka amin'ilay olona izay ivavahako. Tsy maintsy mietry ianareo ka mahatsapa ny toeran'io olona io.

36 Teto vao tsy ela akory izay, tany Mexico. Lehilahy mahantra, Meksikana antitra, mainty, volo fotsy, ary ny volombavany fotsy, tsy nanana mihitsy, angamba, sakafo mendrika iray teo amin'ny fiainany. Ary indro izy tonga teo amin'ny lampihazo; Katolika, tamin'ny finoana; nandehandeha, niaraka tamin'ny aron'akanjo kely eo amboniny, tsy nanao kiraro, nikentrona ny tongony. Nitady ahy izy. Ary rehefa nandohalika teo anoloako izy, dia noraisiko tamin'ny tànana. Nanatsotra tànana izy mba hahita an'ireo sapileny, ary ireo sapile tranainy potika; nikosoka betsaka teo amin'izy ireo izy, mba hanao tsianjery ny fivavahany. Hoy aho hoe, "Tsy ilaina io, dada. Tsy mila manao an'io ianao. Esory fotsiny io, mandritry ny iray minitra fotsiny." Mpandika teny no niteny taminy. Avy eo dia nikasikasika ahy izy. Hoy aho hoe, "Avia eto fotsiny, dada. Tiako ianao hino ny Tompo Jesosy." Dia natsangany ny tànany antitra, nihazona ny soroko izy, ary nanankina ny lohany teo amin'ny soroko. Nijery an'ireo tongotra antitra nikentrona aho, feno vovoka, maloto. Nesoriko

ny iray tamin'ireo kiraroko, ka nijery raha hety aminy izany. Aleoko mandeha tsy mikiraro toy izay mahita azy handeha tahaka an'izany. Hitanareo, nandeha nankany aminy ny foko. Jamba izy.

37 Ankehitriny, eo no hidiranareo marina tokoa ao anatin'izany. Tsy hahomby ny kolontsaintsika rehetra. Tsy hahomby ireo famantarantsika rehetra. Tsy hahomby ireo fanomezam-pahasoavantsika rehetra. "Fa ny fitiavana tsy diso mihitsy." Izany no mihazona, ilay fifikirana.

38 Dia nieritreritra aho hoe, "Lehilahy mampalahelo, antitra, saiky eo amin'ny taonan'ny dadako, raha velona izy." Dia nieritreritra aho hoe, "Angamba izy manana ankizy iray, ihany koa, any ho any." Ary nimonomonona zavatra iray izy, ka tsy nomen'ilay mpandika teny ahy izany. Dia nijery an'ilay lehilahy antitra aho. Izaho tsy afaka fotsiny. . . Tsy teo amin'ny masoko, fa tao am-poko, izaho dia afaka fotsiny. . . tahaka ny teten-dranomasina mitete. "Zavatra mahantra, antitra!" Nieritreritra aho hoe, "Mety tsy mbola nanana sakafo tsara mihitsy angamba izy teo amin'ny fiainany; rovidrovitra." Ary niditra niaraka taminy aho, niditra tao amin'ny fahoriany. Nieritreritra aho hoe, "Ankoatry ny naha-nahantra, ankoatry ny toerany sy ny fahoriany, io rehetra io, kanefa dia ao anatin'ny tontolo maizina iray, dia tsy afaka mahita, jamba." Nieritreritra aho hoe, "O Andriamanitra, ahoana moa raha ny dadako io mitsangana eo io?" Tamin'izay fotoana izay aho dia nanana fihetseham-po ny—ny aminy. Hoy aho hoe, "Ray any An-danitra, mamindrà fo amin'ity lehilahy mahantra jamba ity." Tsy vavaka avy tamin'ny lohako ilay izy. Zavatra iray tao am-poko izany, nivavaka ho an'izany. Hitanareo, ny fitiavana!

39 Ary reko izy nandeha, [Maka tahaka an'ilay rahalahy Rahalahy Branham—Mpand.] Ary indro ireo Meksikana, an'aliny, nihiakiaka. Nanontany aho hoe inona ilay izy. Niantsoantso izy hoe, "Afaka mahita aho! Afaka mahita aho!" Nitodika teo izy ary nandohalika, nanomboka nikososka ny kiraroko, niezaka nikapokapoka ahy teo amin'ny tongotra. Dia natsangako izy. Ary nihazakazaka nandroso-sy-niverina izy, niondrika ilay lehilahy antitra, nihorakoraka hoe, [Maka tahaka an'ilay rahalahy indray Rahalahy Branham.] "Afaka mahita aho! Afaka mahita aho!"

40 Inona izany? Miditra ao amin'ny fiombonana miaraka Aminy. Fitiavana, izany no manao an'ilay izy. Tsy misy ezaka; fitiavana madio, tsy mifangaro fotsiny. Izany no handresy ny fanomezam-pahasoavana rehetra an'ny fametrahan-tànana. Izany no handresy ny fandikana rehetra sy ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra. Izany no handresy ny rehetra. . . Hilaza an'izany aho, amin'ny feo malefaka an'ny fihirana. Izany no haharesy ny zavatra rehetra, raha hiditra fotsiny ao amin'ny

fitiavan'Andriamanitra ianareo miaraka amin'ilay olona izay ezahanareo ho azo ho an'ny Tompo Jesosy.

41 "Oh," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, tsy mivavaka ho an'ny marary aho. Manana olona iray aho . . . "

42 Eny àry, raha tsy voavonjy izy! Aza amboamboarina fotsiny ilay izy. Mahafantatra tsaratsara kokoa noho izany ny Fanahy Masina. Aoka tsy ho mpihatsaravelatsihy iray. Tena matotra amin'izany ianareo. Ary tsy maintsy mianatra ny amin'io sakaizanareo mahantra very io ianareo, hany ka tsy afaka hahatanty an'izany fotsiny, andro aman'alina. Tsy maintsy mandeha mankany amin'izy ireo amin'ny fitiavana fotsiny ianareo. Diniho izay hataon'ny Fanahy Masina. Izy no hisintona azy ho any aminareo mihitsy, isan'andro. "Ny fitiavan'Andriamanitra no manery antsika."

43 Hono ho'aho, tsy tonga teo amin'ilay lahateny mihitsy akory aza aho, nefa izao no fotoana hamaranako; tonga ireo ankizy kely. Ndao isika hamaky andininy anankiray, na ahoana na ahoana.

Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, izay nomen'Andriamanitra ho *azy, . . .*

44 Tiako izany. Ary ianareo? "Ny Fanambarana." Inona ny fanambarana iray? Zavatra iray voambara izany. "Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy," izany ity Baiboly ity. Ity Baiboly ity dia ny hanambara an'i Jesosy Kristy. Genesisy dia manambara an'i Kristy. Eksodosy dia manambara an'i Kristy. Oh, oadray! Rehefa miverina ao aho, dia lasa mpivavaka avy hatrany, na mahatsapa an'izany. Genesisy, Eksodosy, Levitikosy, Nomery, Deoteronomia, Josoa, izy rehetra ireo, ny zavatra rehetra, na dia ao amin'i Naomy aza, Rota, Joba, izy rehetra ireo dia fanambaran'i Jesosy Kristy, mba ao Aminy no hitoeran'ny fahafenoana izay mandrakotra ny habakabaka rehetra sy ny fotoana rehetra. Ary ny rehetra azonin'io Mandrakizay io dia Jesosy Kristy. Ary ireto zavatra kely rehetra eto ireto dia voa fotsiny ho an'io Andro fihaonana lehibe io rehefa hampahafantarina ny taranak'olombelona, ao amin'ny fitsanganana, amin'ny Tompo Jesosy. "Ny Fanambarana," Andriamanitra manambara.

45 Ny hazo dia manambara an'i Jesosy Kristy. Ny voninkazo dia manambara an'i Jesosy Kristy. Ny fiainana nohamasinina dia manambara an'i Jesosy Kristy. Azo antoka. Hoy ianareo, "Ahoana no ahafahan'ilay voninkazo hanambara an'i Jesosy Kristy?" Maty izy amin'ny fararano ary mitsangana amin'ny lohataona. Amena. Manatanteraka ny toerany eto an-tany izy, ary manatsara tarehy. Manokatra ny fo keliny tahaka an'*izao,* ka manao hoe . . . Ilay mpandalo, jereo, "Oh, tsy mahafinaritra ve io! Fofona iray toy ny inona! Hanitra iray toy ny inona, ny manimbolo an'ilay voninkazo!" Dia mandalo ilay tantely,

manao hoe, “Haka ny anjarako aho.” Mandalo ilay mpandalo ka maka ny anjarany. Ary miasa mafy andro aman’alina izy, mba hijanona hamirapiratra, mba hanolotra ny tenany ho an’olon-kafa. Tsy mahagaga raha hoy Jesosy hoe, “Diniho ny lisin’ny saha, ahoana no iasan’izy ireo mafy, sady tsy mamoly koa izy ireo. Kanefa Lazaiko aminareo, fa i Solomona, tao amin’ny voninahiny rehetra, dia tsy nitafy tahaka an’izany.”

46 Noho izany, ny lisy dia nanambara an’i Kristy. Izy dia nantsoina hoe, “Ny Lisin’ny Lohasaha, ny Raozin’i Sarona.” Hitanareo ve izany?

47 Ahoana andriamatoa lisy, pasitera lisy, izy dia sekoly iray mahafinaritra . . . mpampianatra Baiboly mahafinaritra iray, izany andriamatoa lisy; midina ao anatin’ilay lohasaha izy, ilay toerana maizina, manosika ny tenany manerana ny aizin’ny tany izy. Noho izany, dia inona no hatao, hanome voninahitra ny tenany? Mba hanome voninahitra ny zavatra rehetra izay mifandray aminy. Ary tsy maintsy miasa mafy andro aman’alina izy mba hihazona ny famirapiratry ny fahatsarany, mba hihazona an’ilay hanitra hikoriana. Izy dia voasintona, andro aman’alina, avy amin’ny tany, mba hizara.

48 Izany no ataon’ny tena Kristiana iray. Mivavaka ianareo ary manetry ny tenanareo, ka mijanona eo anatrehan’Andriamanitra, andro aman’alina, mba ahafahanareo manolotra ny tenanareo ho an’ny olon-kafa. Tsy izay hazoninareo, izay omenareo, no mikaonty. Tsy maintsy mizara ny tenanareo amin’ireo hafa ianareo. Tahaka an’izany no nataon’i Jesosy, nanolotra ny Tenany ho an’ny hafa Izy.

49 Ary ity Fanambarana ny Aminy eto ity, ilay Fanambarana farany voasoratra!

> *Ny Fanambaran’i Jesosy Kristy, izay nomen’Andriamanitra azy, mba haneho amin’*ireo *mpanompo an’ireo zavatra* izay *hiseho faingana;* . . .

50 Ity no Boky farany, ary naniraka an’ireo Anjeliny Izy mba hampahafantatra an’Izany.

> . . . *nirahina* mba hampahafantatra *an’izany tamin’ny alàlan’ireo* anjeliny *tamin’i Jaona mpanompony:*

51 Oadray, toy ny ahoana no ahafahantsika maka herinandro iray eo. Mariho, Izany dia Fanambarana iray, ity Boky ity dia, ho an’ireo “mpanompo” an’Andriamanitra ho an’ny fotoana farany, “rehefa antomotra ny fotoana,” rehefa ho voambara ity Boky ity. Ankehitriny, ao amin’ilay Boky, dia hitantsika fa nikatona ilay Boky, ary nihidy, sy voaisy tombokase, hatramin’ny andro farany. Nanandrana an’izany izy ireo nanerana an’ireo taona. Tsarovy, ny Baiboly izay nalaina avy teny an-tànan’Andriamanitra nipetraka teo amin’Ny Seza fiandrianany, dia nikatona Izany, ary voaisy tombokase tamin’ny tombokase fito tao an-damosina, ka tsy nisy olona tany

An-danitra sy teto an-tany, na taiza na taiza, izay mendrika handray ny Boky, na hamaha an'ireo tombokase, na hijery azy akory aza. Fa tonga ny Zanak'ondry ka nanokatra Azy.

52 Tsaroanareo ve i Daniela? Daniela, tamin'ny andro farany, dia hitany, ny fahitany farany, teo amin'ny famaranana ny asam-panompoany; mpahita fahitana iray.

53 Ary jereo eto, "naniraka ny Anjeliny," teo amin'ny enimpolo taona mahery teo taorian'ny Pentekosta, indro Izy "maniraka ny Anjeliny mba hampahafantatra an'ireo zavatra izay tsy maintsy hiseho faingana."

54 Ankehitriny, oviana no hany nanoratana ny Bokin'ny Apokalypsy? Voalohany, dia voasoratra talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao Izy; ary Jaona, tamin'ny alàlan'ny fo fenon'ny Fanahy Masina irery ihany! Hitanareo ve?

55 Vatan'anjely mikambana miaraka. Oh, manantena aho fa azonareo izany, midina avy hatrany izany, maimaim-poana. Jereo! Ary raha manana ny Fanahy Masina ianareo ao anatinareo, amin'izay fotoana izay dia kandidà iray ianareo ho an'ny fikambanana amin'ilay tontolo tsy hita maso sy ilay Ivelan'ny voajanahary. Tsy mahagaga raha tsy afaka mino an'ireo zavatra ireo ny olona, tsy nifandray mihitsy izy ireo. Tsy manana na inona na inona izy ireo *ato* mba hinoana. Fa rehefa miditra ao am-po ny Fanahy Masina, haingana mihitsy izy amin'izay fotoana izay dia lasa va—vatana roa sosona: ny anankiray avy amin'ny tany, mba ho faty; ary anankiray avy any An-danitra, mba ho velona. Amena. Ao amin'ny vatany, dia mbola iharan'ny fahafatesana foana izy; fa ao amin'ny fanahiny, dia efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy. Ao amin'ny vatany, dia manana ny fifandraisany amin'ny tany izy miaraka amin'ireo taovam-panamboloany dimy; ao amin'ny fanahiny, dia manana fifandraisana amin'Andriamanitra izy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Ary mamangy azy ireo ny Anjelin'Andriamanitra, miresaka miaraka amin'izy ireo, ary izy ireo dia Iraka nirahina avy tamin'Andriamanitra mba hanambara, sy hitondra hafatra avy amin'Andriamanitra ho an'ny isam-batan'olona. Eo izy mba hanao an'ilay zavatra voalohany aloha. Tsy afaka mametraka an'ilay trano boribory ianareo alohan'ny ametrahana ny fototra. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy mahatsiaro an'izany isika, mametraka an'ireo zavatra voalohany aloha! "Katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra, sy ny Fahamarinany; dia hanampy ho anareo ireo zavatra hafa rehetra ireo."

> . . . anjely nirahina mba hampahafantatra an'ireo zavatra ireo . . .

56 Daniela, rehefa namarana ny asam-panompoany izy, mpaminany lehibe iray, dia nisy Anjely iray izay nanaraka azy. Ary niteny tamin'i Daniela ilay Anjely, nanao hoe, "Malala eo

anatrehan'Andriamanitra ianao." Ary, ankehitriny, tsy afaka niresaka i Daniela, angamba, nifanatrika tamin'Andriamanitra, fa naniraka Anjely iray Andriamanitra ho mpane-... hanelanelana azy sy Andriamanitra, ka afaka niresaka teo amin'izy ireo Izy, ary nitondra... *Anjely,* ilay tena teny hoe *anjely,* dia midika hoe "iraka."

57 Raha teo am-baravarana ny zazalahy iray, nandondòna teo amin'ilay varavarana tany ka niteny tamin'ilay mpampiditr'olona hoe, "Manana telegrama iray aho eto ho an'i Rtoa. *Ranona-sy-ranona* ary Atoa. *Ranona-sy-ranona.*" Izy dia ho iraka iray, na anjely iray eto an-tany.

58 Ny pasiteranareo, rehefa mitsangana eto amin'ny lampihazo izy, mitondra ny Tenin'Andriamanitra, dia izy no anjelin'Andriamanitra ho an'ny fiangonana, iraka ho an'ny fiangonana. Noho izany dia tsy tokony hiala amin'ity Teny ity mihitsy ny pasitera iray, fa mijanona mahitsy amin'ny Teny, satria Izy no mamahana, ny toeran'ilay mpiandry ondry. Satria, ny teny hoe *pasitera* dia midika hoe "mpiandry ondry." Tadiavo izany ka jereo raha tsy marina izany. Mpiandry ondry iray ny pasitera, ary ny Fanahy Masina no nanao azy ho mpanara-maso ny andian'ondry, mba hamahana azy ireo (amin'ny inona?) ny Tenin'Andriamanitra. Amena. Oh, oadray! Toy ny inona...

59 Diniho ireo anarana rehetra ireo, midika zavatra iray izy ireo, ny anarana tsirairay ao amin'ny Baiboly. Rehefa mahita anarana anankiray ao amin'ny Baiboly ianareo, dia midika zavatra iray izany. Efa fantatrareo ve, ireo vehivavin'ny Isiraely, rehefa niteraka an'ireo patriarka roa ambin'ny folo izy ireo... Ny tsirairay avy tamin'ireo reny ireo, rehefa nahazo an'ilay zazakely izy ireo, ka teraka ilay zazakely, ary nitaraina izy ireo; ireo fitarainana izay navoakan'izy ireo, ka nanome anarana an'ireo zazalahy ireo. Ary ireo tena fitarainana izay nomen'izy ireo mihitsy, dia nanondro ny natioran'ilay ankizy sy ny toerana izay hanaovan'izy ireo ny toeram-pitsaharany farany. Ny fitarainana rehetra, amena, eo ambanin'ny herin'ny Fanahy Masina!

60 Izany no antony tokony hisentoantsika ao amin'ny Fanahy. Ankehitriny, izany dia tsy midika betsaka an'ity amboamboarina ity, fa ny tiako lazaina dia mihetsi-jaza ho an'ilay Fiangonana. Amin'izay fotoana izay ny Fanahy Masina...Amin'izay fotoana izay dia afaka mahazo tena fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra sy fandikana iray ianareo. "Ny Fanahy Masina izay manao ny fitenenana, izay miteny amin'ny alàlan'ireo fitarainana sy vavaka," dia ho tena fahamarinana, ihany koa. Ho zavatra iray izany izao ankehitriny izao, izay ho hitanareo miseho.

61 Noho izany i Daniela, mamarana, teo amin'ilay farany, dia nahita izy, "Nidina ny Anjely iray, nametraka tongotra iray teo

amin'ny tany ary ny iray teo ambonin'ny ranomasina, avana iray no teo ambonin'ny Lohany. Nanangana ny Tànany Izy, ary nianiana tamin'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay, hoe, 'Tsy hisy andro intsony,'" amin'ny fiafaran'io fotoana izay noteneniny taminy io. Amin'ny teny hafa, ity, ilay vatan'ny fotoana izay iainantsika ankehitriny, nanomboka tamin'ny fotoana sy fihavian'ilay Andriana, ka hatramin'ity andro ity. Ary hoy izy, "Amin'izany fotoana izany, dia hifarana ny zava-miafin'Andriamanitra."

62 Ary misento izao tontolo izao, miandry androany. Tsy mahafantatra ny zava-miafin'Andriamanitra ny olona. Nahoana? Tsy nampianarina ny zava-miafin'Andriamanitra izy ireo. Ny zavatra tokana nampianarana azy ireo dia hoe, "Mikambàna amin'ny fiangonana, apetraho eo amin'ny boky ny anaranareo, aoka ho olona tsara iray, ento tsara ny mpiaramonina aminareo." Mety tsara izany, saingy tsy maintsy mahafantatra ny zava-miafin'Andriamanitra ianareo! Tsy misy olona afaka manambara an'izany aminareo afa-tsy ilay Anankiray izay nanana ny Boky. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Tsy misy olona afaka miantso an'i Jesosy hoe 'ilay Kristy,' raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany." Ity Fiangonan'ny Fanahy Masina lehibe, fahiny ity dia hivoaka indray andro any ka hamiratra toy ny tsy mbola hitanareo mihitsy!

63 Ary ity gazety ara-pilazantsara lehibe ity izay anoratan'ireo arseveka sy ny sisa, mpanoratra malaza iray, Mackay, iray amin'ireo malaza indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao, fantatra. Lahatsoratra lehibe iray tao amin'ny gazetiny tamin'ity volana ity, no nanao hoe, "Raha ny fiangonana Katolika na ny Protestanta no mba nahita an'Andriamanitra, dia hipetraka eo an-tongotry ny pentekosta izy ka hianatra an'izany." Amena. Tsy fantatra amin'ny alàlan'ny teolojia Andriamanitra! Fantatra amin'ny alàlan'ny Fahateraham-baovao Izy, nateraka indray. Ny fiangonana Pentekotista dia nanaiky sy nino, ary tsy miraharaha na iza no mihevitra na inona na inona mikasika an'izany. Nanaiky an'izany izy ireo. Ankehitriny dia ny devoly no nametraka sandoka tao anatiny tao, mba hanipy fako iray teo amin'ny ilany. Ary manondro mankany amin'ny fako ilay fiangonana Evanjelistika, ary manondro eo an-tampon'ilay tena izy, Fiangonana pentekotista tena izy, nateraka indray, miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana rehetra. Eo izy ireo, saingy ny devoly no manana ny sandokany, izay nolazain'ny Baiboly fa hananany.

64 Fa, tsarovy, notenenin'ilay Anjely i Daniela. Nandre kotrokorana fito i Daniela. Nampandre ny feony izy ireo. Nandramby ny peniny i Daniela ka nanomboka nanoratra, ary hoy ilay Anjely hoe, "Aza soratana izany!" Amena.

65 Vonona ve ianareo? Ndao isika hiditra ao amin'izany mandritry ny eo amin'ny dimy minitra manaraka eo fotsiny.

Sitrakareo ve? Henoy.

66 "Aza soratana izany!" Nahita an'ilay zavatra iray ihany i Jaona, ary efa voasoratra tany ivelan'ny Baiboly izany; ary nanana Tombokase fito tao ivohon'ilay Boky, izay tsy nisy olona afaka nanokatra an'ireo Tombokase ireo, ireo feo ireo izany. Ity ny Baiboly, voasoratra, izay zava-miafina iray, Izy tenany. Fa ao ivohon'ny Baiboly, ireo fanambarana araka ny naseho tamin'i Daniela, dia milaza fa misy feo fito tsy maintsy avoaka, ka tsy nisy olona afaka nanokatra, tsy nisy olona nahafantatra hoe inona ilay izy. Fa ny Baiboly no nilaza, ary niteny tamin'i Daniela sy i Jaona ihany koa izany, hoe, "Amin'ny andro farany, ireo feo fito ireo dia ho fantatr'ilay tena Fiangonana, marina." Azonareo ve ilay izy? Hitanareo ve hoe aiza no ezahan'ilay sandoka sy hosoka ny tsarany indrindra hisakanana an'ireo lehilahy malaza tsy ho eo amin'ireo toerana tahaka an'izany?

67 Afak'omaly mihitsy, tolakandro, iray amin'ireo lehilahy evanjelika malaza indrindra eto amin'izao tontolo rehetra izao, nipetraka tao amin'ny efitro, nitomany, ary nandray ny batisan'ny Fanahy Masina; mba hanao fandaminana miaraka amin'i Billy Graham ho tonga any an-tranoko vantany vao tonga any Louisville izy, manana ny anarany sy ny sisa aho eto, mba ho tonga hitady sy hiresaka mikasika ny batisan'ny Fanahy Masina, sy ny Heriny. Ankehitriny, tsy manonona an'izany. Nilaza i Billy, nilaza tao amin'ny toerana iray hoe, "Vehivavy iray mitsangana, mitomany, miaraka amin'ny goatra goavana iray," hoy izy. Dia nisy zavatra nandòna azy, ary nihazakazaka haingana izy mba hivavaka ho azy. Dia hoy izy hoe, "Inona no nitranga tamiko?" Oh, oadray!

68 Andriamanitra, amin'izao andro farany izao, dia hisintona fo marina avy hatraiza hatraiza. Tsy mampaninona na sandoka sy akofa toy ny ahoana aza no ananan'ny devoly, hanangana Ny Fiangonany hiala amin'izany mihitsy Andriamanitra. Ho fanisiana tombokase iray izany, azo antoka tahaka ny itsanganako eto amin'ity lampihazo ity. Ary antomotra ny ora. Ilay mangatsiaka sy ara-pomba dia manalavitra. Ny Filazantsara evanjelika sy ny Sosialy, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, dia lasa. Ilay lafiny foromporonina dia miditra ao anatin'ny fanatisma ara-pototra iray hany ka afaka mahita an'izany ny olona jamba rehetra. Fa misintona Ny Fiangonany hivoaka Andriamanitra!

69 Tahaka an'ilay lisin'ny rano lehibe. Ny voa kely, bitika, dia teraka tany amin'ny fanambanin'ny dobo mandrevo, mamotaka, maloto, loton-tsahona. Ary mitady ny làlany miakatra manerana ny aizina izy, manerana ny fotaka rehetra sy ny loto rehetra. Ary lasa zavatra mamiratra indrindra izay hany jerenareo mifanatrika izany, miaraka amin'ny famirapiratana iray tahaka ny taramasoandro.

70 Toy izany koa ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, izay teraka teo afovoan'ny fanatisma sy korontana. Fa nitady ny Làlany nanerana an'ilay loto Izy hany ka eo an-tampon'ilay zavatra Izy ankehitriny, mamelatra ny Elany ho an'ilay fanidinana. "Maro no hivoivoy; ary ny olona izay mahafantatra ny Andriamaniny dia hanao zava-dehibe amin'izany andro izany." Fanambaran'Andriamanitra ho an'Ny Fiangonany! Mipetraha tsara, ry Ondry vitsy, mijanòna ara-toerana eo amin'izay misy anareo. Tahaka ny nihiran-dRanabavy Gertie sy Ranabavy Angie taloha teto hoe, "Manohiza mihazona!" Aza manahy. Miandry Andriamanitra, ary miezaka, ka mandroso mba ho tonga eo amin'ny zava-miafin'Andriamanitra voambara amin'Ny Fiangonany. Izany no mihazona ny Fihavian'i Kristy ankehitriny, sy ilay Arivo taona lehibe, dia io hery lehibe ivelan'ny voajanahary izay mandry matory marina tokoa ao amin'ilay Fiangonana io.

71 Lehilahy maro no mitsangana eo amin'ny polipitra izao maraina izao, mitory Filazantsara Sosialy iray, saingy ao ampony ao dia mino marina tokoa izy fa misy hery iray ampy. Ny tiany ho hita, dia ny hametraka ny Heriny, ao amin'ny Fahatsarany. Tena mankasitraka aho ny mahita an'izany miseho! Tena faly mahita an'Izany tonga voaseho, ny Fanambaran'i Jesosy Kristy!

72 "Jesosy," hoy ny Baiboly, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Andriamanitra, ao amin'ny Famindrampony tsy manam-petra. Amin'ny alàlan'Ny Teniny, tsy zavatra mahagaga iray an'ny zavatra iray izay fanatika. Fa amin'ny alàlan'ny fitoriana ny Teny, dia maneho ny Tenany Izy, ilay Tompo Jesosy nitsangana, velona. Manao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony fony Izy teto an-tany teto, manao azy ireo indray amin'ny Heriny sy ny fanehoany Izy. "Ary raha hakarina hiala amin'ny tany Aho, dia hitarika ny olona rehetra ho eo Amiko Aho," olona noana fo, malaza.

73 Ilay fivorian'ny fiombonambe lehibe, vao tsy ela akory izay, 1958. . . Nangatahana aho omaly mba haneho an'ilay asan'Andriamanitra ivelan'ny voajanahary teo anatrehan'ireo solontena eninjato mahery avy amin'izao tontolo rehetra izao, raha maharitra hatrany amin'ny 1958 Andriamanitra, hahatongavana any Boston, Massachusetts. Ny iray tamin'ireo mpitoriteny, lehilahy malaza iray niaraka tamin'ny Filazantsara lehibe, David du Plessis, dia nanao hoe, "Rahalahy Branham, rehefa miangona miaraka ireo solontenan'izao tontolo izao rehetra, ary ireo firenena Kristiana avy hatraiza hatraiza dia miangona miaraka ao amin'io fiombonambe lehibe manerantany io," hoy izy, "ny firesahana ny Teny fotsiny, sy ny hery hanambara ny Fanahy Masina mitsangana manatrika," hoy izy hoe, "dia hiditra ireo evanjelistika avy hatraiza hatraiza."

Ary rehefa mahazo ny tsiron'Izany izy ireo, sy ny tena

Filazantsara, dia izany no hamarana ny fizaram-potoan'ny Jentilisa ary hampiditra ny Fihavian'ny Tompo Jesosy faharoa. Tsy mety ho marina Andriamanitra ka hamela an'ireo fo mahitsy hipetraka any sy hikarepoka ao anatin'ny helo noho izany. Tsy maintsy ho marina Izy, ary tsy maintsy mitondra an'izany eo amin'izy ireo Izy, na manao ahoana na manao ahoana. Ao amin'ny andro farany isika.

> *Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, . . . nomen'Andriamanitra azy, mba* haneho *amin'ireo mpanompony an'ireo zavatra . . . tsy maintsy hiseho faingana; ary naniraka izy ka nampahafantatra an'izany tamin'ny alàlan'ny anjeliny . . .*

74 Anjely iray! Ahoana no Hampahafantarany an'izany? Andriamanitra dia nanome ny Fanambaran'i Jesosy Kristy ho an'ny mpanompo iray, mpaminany, tao amin'ny nosin'i Patmo. "Mampahafantatra an'izany amin'ny alàlan'ny anjely iray." Amena. Manantena aho fa hitanareo izany. Tsy mahafinaritra ve Izy?

75 Diniho hoe inona i Jaona. Ndao isika hamaky andininy iray hafa, dia hamarana isika.

> *Izay manambara ny tenin'Andriamanitra, . . .*

76 Tsy teo amin'ny haromontana iray, tsy nipetraka tany izy niaraka tamin'ny Filazantsara Sosialy iray. Nijanona tsara tamin'ny Teny izy. Nanambara izy! Ahoana no ahafahan'ny . . . anambarany raha tsy tonga voaseho tamin'izay toriany ny Teny, raha voa iray ny Teny? Ary hamokatra ilay voa! Ahoana no ahafahako hilaza fa misy sahan-katsaka iray any, raha tsy mamokatra katsaka marina tokoa ilay voa? Marina ve izany? Nanambara tamin'ny alàlan'i Jaona Andriamanitra, hoe nitory ny Tenin'Andriamanitra izy.

> . . . nanao *fanambarana . . . ny teny . . .* ny *filazana an'i Jesosy Kristy, sy ny amin'ny . . . ireo zavatra* izay *hitany.*
>
> *Sambatra izay mamaky, . . .*

77 Firy no mila fitahiana iray? Noho izany dia vakio Izany! Tsy mahafinaritra ve izany?

> *Sambatra izay mamaky, sy ireo izay mihaino ny* teny sy *an'*ny *faminaniana, ka mitandrina an'ireo zavatra izay voasoratra ao anatiny: fa antomotra ny andro.*

78 Oh, oadray, raha afaka hiditra ao amin'izany mihitsy isika izao ankehitriny izao! Jereo! Rahoviana no antomotra ilay andro? Rehefa voambara tamin'ilay Vatan'i Kristy ny Fanambaran'i Jesosy Kristy. Ary voambara Kristy, tsy maty, fa velona, velona ao amin'Ny Fiangonany, manao an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony, ilay asam-panompoana iray ihany, ilay Filazantsara iray ihany, ilay famantarana iray ihany, ilay Kristy nitsangana. Rehefa voambaran'ny Anjeliny Izy, ao amin'ilay

Fiangonana, amin'izay fotoana izay dia antomotra ny andro. Ary tsy nisy mihitsy fotoana iray, hatramin'io andro io ka hatramin'izao, izay hany nahavoambara ny zava-miafin'i Jesosy Kristy hatramin'ireto taona vitsy farany ireto. Noho izany, dia antomotra ny andro!

79 Diniho izao tontolo izao ao amin'ny ara-boajanahariny. Ny atomika, ny hydrogène, ny kôbalta, ireo baomba rehetra sy ny sisa izay ananan'izy ireo; mangovitra izao tontolo rehetra izao. Ny zavatra rehetra, mangovitra sy mihozongozona fotsiny. Misento ny natiora rehetra. Fantatrareo izany. Fantatro izany. Fantatr'i Pentagone izany. Fantatr'i Rosia izany. Fantatr'i Angletera izany. Fantatr'izao tontolo izao izany. Antomotra ny andro! Inona no manao ny natiora hangovitra tahaka ny maha-izy azy? Satria antomotra ny andro!

80 Ity Fiangonana ity dia, ao amin'ny Fanafahany, dia tandindona iray tanteraka an'ny Isiraely ao amin'ny fanafahany, rehefa nandray ny toerany teo amin'ny Tenin'Andriamanitra madio, masina, tsy mifangaro ny Isiraely. Hitsangana izy ary handray ny diany. Nitarika an'ireo zanak'Isiraely i Mosesy; niaraka tamin'ny mofo kely iray, mofo voaendy teo an-tampon'ny lohan'izy ireo, Hostia; ary nandeha teo amin'ny Ranomasina Mena izy ireo. Ny làlan'Andriamanitra no nitarika azy ireo avy hatrany teo amin'ny Ranomasina Mena. "Eny," hoy izy, "ankehitriny ahoana no hiampitantsika?"

81 Dia nitodika ny olona iray, ka nanao hoe, "Jereo, tonga ery, mitsoka ny vovoka. Misy kalesin'i Farao an'alinaliny aoriantsika mihitsy!" Io vahoaka betsaka nifangaro izay nandeha niaraka tamin'izy ireo io, dia nanomboka nangovitra sy nihozongozona, izay nanaraka, farany dia levona niaraka tamin'ny fikomian'i Kora. Tsy isalasalana fa ilay tena natioran'ireo havoana mihitsy no nihozongozona, nandeha mba hahita ny iray tamin'ireo famonoana olona mihoson-drà indrindra izay hany hitanareo. Andian'olona mahantra, kely, tsy afa-manoatra no nitsangana teo amoron-dranomasina. Ireo ankizy kely niankina tamin'i mama, ary nihazona ny akanjony. Niankina tamin'ny zananilahy i dada antitra mahantra, nitomany, nanao hoe, "Anaka, efa niaina ny androko aho, saingy halako ny hahita anao handeha. Jereo, tonga ery!" Ny natiora rehetra izay matahotra fahafatesana, na dia ireo voninkazo aza, ireo hazo, sy ny zavatra hafa rehetra, dia matahotra fahafatesana. Nangovitra sy nitaraina ny natiora, ary nihozongozona teo ambanin'ny tongony, rehefa hitan'izy ireo fa tonga io famonoana olona mihoson-drà io.

82 Inona no nataon'Andriamanitra? Saingy tamin'ny fotoana rehetra dia diso tamin'ny fahafantarana izy ireo, nitsangana nihantona teo mihitsy ny Hery ivelan'ny voajanahary iray, ilay Hazavana boribory an'Andriamanitra, Andry Afo iray no

nihantona teo, izay nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy io fahavalo io rehefa tonga ny fotoana hitsanganana.

83 Mangovitra ny natiora, nanomboka lasa nikorontan-tsaina ilay ranomasina, ny volana nijery ambany, nangovitra, nanidina niala teo amin'ny sehatra ireo vorona, nihataka ireo biby. Oh, nahoana, jereo io mpamono olona io! Ho faty afaka minitra vitsy ireo olona an-tapitrisany ireo. Ary nisento izy rehetra.

84 Fa inona no nataon'izy ireo? Nanaraka ny làlan'Andriamanitra izy ireo. Toy ny hoe fahadalana izany, toy ny hoe adala izany, saingy nandeha tao amin'ny Hazavana izy ireo. Amena. Oh! Nandeha tao amin'ny Hazavana! Tsaroanareo ve rehefa nihira an'izany hira izany isika taloha?

> Handeha ao amin'ny Hazavana isika, io Hazavana tsara tarehy io,
> Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo;
> Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
> Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

85 Nitsangana tamin'ny maty Izy. Eto anoloantsika Izy. Naneho famantarana sy fahagagana Izy, tsy mety diso, tsy karazan-javatra fanatika iray; fa ny famantarana sy ny fahagagan'ny Baiboly, hoe miaraka amintsika Izy ary Izy no mitarika antsika. Ary tonga eo amin'ny toerana iray isika . . .

86 Ary mihantona any ireo baomba, mihantona any ireo baomba kôbalta. Oh, oadray! Ary mipoitra ny fanambarana iray ankehitriny mba hampijanona an'ireo iraisan'ny anarampiangonana rehetra, ary hivondrona ho anankiray, fiangonana lehibe, goavana ara-pilazantsara an'ireo Protestanta, izay hiara-hiasa sy hikambana amin'ny Katolisisma, mba hiady amin'ny kominisma. Asan'ny devoly izany. Eny, tompoko! Tsy nanakambana ny fanjakana sy ny Fiangonana mihitsy Andriamanitra. Andriamanitra no mitarika Ny Fiangonany, ary tsy manantena mpitarika ara-politika hitarika azy ireo Izy, na dia ireo politikan'ny fiangonana aza. Ny olona rehetra izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra dia afaka. Amena.

87 Indro izy, eto amin'ny farany eto mihitsy ankehitriny. Nanomboka nijery manodidina ny olona hoe, "Eny, inona no azontsika atao? Inona no azontsika atao?" Oh, fahadalana toy ny ahoana ny milaza hoe, "Inona no azontsika atao?" Jereo fotsiny Izy izay mitarika. Amena.

88 Inona no hataontsika? Rahalahy, ianareo izay efa nihoatra ny telopolo taona. Ranabavy, ianareo izay fotsy volo, ary dada mipetraka eo akaikinareo. Ianareo izay marary sy ory. Afaka mijery ny tànanareo ianareo. Isaky ny mifampijery ianareo, dia fantatrareo fa zavatra iray no azo antoka, ho faty ianareo. Isaky ny mandre fiara mpitondra marary iray mandeha eny an-

dàlana ianareo, dia miteny izany hoe, "Eo alohanareo mihitsy ny fahafatesana." Isaky ny mandalo eo amin'ny tokotanim-pasana iray ianareo ka mahita fasana iray, dia milaza izany hoe, "Eo alohanareo ny fahafatesana." Isaky ny mahita kentrona iray tonga eo amin'ny tarehinareo ianareo, na volo fotsy iray, na soroka iray milatsaka, dia milaza izany hoe, "Eo alohanareo ny fahafatesana." Oh, fa faly toy ny ahoana no ahafahan'ny Kristiana mitsangana, eo amin'ny sisin'ny Ranomasina Mena mihitsy!

89 Nanatodika ny tavany nankany amin'Andriamanitra i Mosesy ary nanomboka nivavaka izy! Nidina io Andry Afo io, nitsangana teo anelanelan'izy ireo sy ilay loza. Aizina ho azy ireo; raha mandà ny Hazavana ianareo, dia hivadika ho aizina foana izany. Ary efa aizina ho azy ireo izany; fa baiko handehanana izany handrosoan'ireto. Ary rehefa tonga teo amin'ilay ranomasina izy ireo, dia nisokatra ilay ranomasina. Rivotra atsinanana lehibe no tonga avy teo amin'ilay tena làlana izay nisy azy ireo, nitsoka teo an-tampon'ny lohan'i Farao, nidina ary nampihemotra ny ranomasina. Ary natahotra ilay ranomasina satria Andriamanitra no nanendry làlana iray tamin'ny alàlan'ilay zavatra. Naneho ny Fitiavany an'ireo Zanany Andriamanitra. Tiany ny mampiditra anareo ao amin'ny toerana tery iray indraindray, mba Ahafahany maneho ny Tenany fotsiny.

Tahaka ny nolazain'ny mpiandry ondry iray indray mandeha, izy "dia nanapaka ny ranjon'ny ondry."

Hoy izy, "Ho an'ny inona no nanaovanao an'izany?"

90 Hoy izy, "Mba ahafahako mamahana azy, hitia azy, sy hanaporofo aminy fa tiako izy." Eo ianareo izao. Hoy izy, "Avy eo dia hanaraka ahy izy."

> *. . .ireo zavatra izay tsy maintsy miseho faingana; ary. . .* mba hampahafantatra *an'izany amin'ny alàlan'ny. . .* tànany.
>
> *Jaona ho an'ireo fiangonana fito izay any Azia: Ny fahasoavana anie ho aminareo, ary ny fiadanana* ho ampitomboina (oh, oadray), *avy aminy izay misy,. . . izay nisy, ary izay ho avy;. . .*

91 Jesosy! Diniho, zavatra telo. "Izay nisy, izay misy, izay ho avy; ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Taty aoriana kely, ao amin'ny Soratra, ny toko manaraka, dia nilaza Izy. . . Avy ao amin'ilay toko iray ihany, hoy Izy hoe:

> *Izaho no ilay. . .efa maty;. . .ary velona* indray *mandrakizay,. . .ary manana an'ireo fanalahidy. . .*

Tsy fiangonana iray, Petera na ny katedraliny ao Roma, na Episkopaliana iray, na inona na inona ilay izy, no manana fanalahidy iray. Fanalahidy iray ho an'ny fiombonana izany.

. . .fa Izaho *no manana an'ireo fanalahidin'ny* fahafatesana sy ny helo. Amena.

92 Oh, tsy tianareo ve Izy androany? Izy no manana ny fanalahidin'ny fifalianareo, Izy no manana ny fanalahidin'ny fahasambaranareo, Izy no manana ny fanalahidin'ny fanafahana anareo avy ao am-pasana. "Izaho no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo, ireo Hadesy. Afaka manokatra an'ilay ivelan'ny voajanahary Aho; afaka manokatra an'ilay ara-boajanahary Aho. Izaho no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny helo eto an-Tànako." Oh! "Misy loharano iray misokatra. Avia, alaivo ny ranon'Aina, maimaim-poana."

Misy Loharano iray feno Rà,
Nosintonina avy tao amin'ny làlan-dràn'Imanoela,
Rehefa mitsoboka ao ambanin'ilay riaka ireo mpanota,
Dia very ny pentimpentin'ny fahadisoany rehetra.

93 Rehefa miverina avy Eo ianareo, rahalahy, dia tsy mila maka raby iray, pretra, na tenin'ny mpitory teny iray. Ao am-ponareo dia misy zavatra iray izay nanalefaka anareo ho amin'ny fiombonana iray, misy zavatra izay nanao ny zavatra taloha rehetra ho levona, ka lasa vaovao ireo zavatra eo ireo. Misy zavatra izay tia anareo eo, ary zavatra izay ao am-ponareo. Hoy i Paoly hoe, "Tsy misy na inona na inona ankehitriny, tsy hisy na inona na inona amin'ny ho avy, na aretina, na loza, tsy misy na inona na inona hany afaka hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy." Tsy misy fifosana, tsy misy ambony, tsy misy ambany, tsy misy na inona na inona hafa, tsy misy na inona na inona hany afaka hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy. Aretina, alahelo, hanoanana, fifandirana, ireo fahasamihafana ao amin'ny fiangonana, ireo fahasamihafan'ny hevitra, tsy mampaninona na inona ilay izy, tsy misy na inona na inona hany afaka hahasaraka anareo amin'ny fitiavan'Andriamanitra.

94 Tsy te-hitsoboka ve ianareo androany, raha mivavaka isika? Ity anabavy ity, ho avy eto iray minitra fotsiny ve ianao raha manondrika ny lohantsika ao amin'ny tonom-bavaka iray isika. Alohan'ny hivavahana mihitsy, dia manontany aho raha misy olona iray ato am-piangonana, ilay vondrona kely eto izao maraina izao, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy aho. Manangana ny tànako aho."

95 Miala tsiny aho fa tsy maintsy nanapaka ny Hafatra, izao maraina izao, tahaka ny nataoko. Fa manana minitra vitsy fotsiny aho, satria tsy maintsy ho any amin'ny toerana iray hafa aho afaka fotoana fohy. Ary misy fotoana hafa iray ho avy, ka

tsy maintsy mandeha avy hatrany aho. Ary te-hivavaka ho an'ny marary aho alohan'ny handehanana.

96 Fa raha mbola eto fotsiny ianareo, dia resy lahatra ve ianareo? Efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana marina tokoa ve ianareo? Ny anaranareo ve efa marina tokoa, ny tiako lazaina, tsaroana marina tokoa? Ao amin'ny Bokin'Andriamanitra ve izany androany? Ary, oh, milamina miaraka amin'Andriamanitra ve ianareo ary miaraka amin'izao tontolo izao? Ary lasa ireo zavatra taloha rehetra, ka lasa vaovao ny zavatra rehetra? Misy zavatra iray tena izy, an'ny mpanjaka, manan-karena, an'ny mpirahalahy, masina ve ao am-ponareo, izay fantatrareo fa tsy azon'izao tontolo izao omena?

Tia an'ireo mpanota tsara mihitsy ve ianareo ka rehefa miresaka amin'izy ireo ianareo dia lasa isan'izy ireo fotsiny? Nilaza i Paoly fa hanolotra ny ainy izy, ho voaroaka iray izy, raha hamonjy ny sasany amin'ireo sakaizany mpanota fotsiny Andriamanitra; amin'ny teny hafa, ny olony, ireo Jiosy izay nanohitra azy. Izany ve ilay karazana fivavahana izay anananareo izao maraina izao, ry sakaiza?

Raha tsy izany ilay izy, dia misy Loharano iray. Feno Rà tanteraka Izany, nosintonina avy tao amin'ny làlan-dràn'Imanoela. Amin'ny finoana, ny fomba tokana hahafahanareo manao an'izany, eo no manatsoboka ny fanahiny ao ambanin'io riaka io mihitsy ireo mpanota. Asan'Andriamanitra izany. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Inona no nitranga? Very ny pentimpentin'ny fahadisoanareo rehetra. Tavela aorianareo izany, tahaka ny nahatavela ny tafik'i Farao tao aorian'ny Isiraely.

97 Araho ireo toro-hevitra, fa tsy ny fientanam-po; ireo toro-hevitra. Raha nanaraka ny fientanam-pon'ny olona i Mosesy, dia ho nihazakazaka nanerana an'ireo tendrombohitra rehetra izy ireo, nihiakiaka, ka ho azon'ny tafik'i Farao izy ireo. Fa nanaraka an'ilay toro-hevitra izy ireo. Hoy Andriamanitra hoe, "Mipetraha tsara ankehitriny ka jereo ny voninahitr'Andriamanitra. Mipetraha tsara fotsiny. Tsy voatery ho taitaitra ianareo, mipetraha tsara ka jereo ny voninahitr'Andriamanitra. Satria, amin'ity andro ity dia Andriamanitra no hiady, fa ianareo hipetraka tsara." Nandeha niampita ny ranomasina fotsiny izy ireo. Avy eo ireo tsy mifora, ireo mpaka tahaka ireo, niezaka nanao tahaka an'izany, dia maty an-drano tao anatin'ny ranomasina.

98 Andriamanitra Ray, ity andian'ondry kely, bitika eto ity izao maraina izao, fa misy tena lehilahy sy vehivavy mipetraka eto izay Zanakao, izay mino Anao sy tia Anao. Mivavaka aho, Andriamanitra, ho azy ireo. Angamba tsy mbola nanaiky Anao mihitsy ny sasany tamin'izy ireo, tsy mbola tena niaina ny fahatsapan'ny fahafatesan'ireo zavatra ara-nofo ratsy rehetra

an'izao tontolo izao, niaina fotsiny teo amin'ny fiaiken'ny fiangonana iray izy ireo, niteny tamin'ny olona izy ireo ary niteny tamin'ny hafa. Angamba efa natao batisa izy ireo na zavatra iray, ao—ao amin'ny lahatsoratra Kristiana, saingy tsy mbola hany voavonjy marina mihitsy. Tsy fantatr'izy ireo marina tokoa hoe inona izany. Angamba fihetseham-po ara-tsaina fotsiny izy ireo, milaza ho Kristiana ara-tsaina, mihevitra fa mahitsy izy ireo. Ianao no nilaza ao amin'Ny Teninao hoe: "Misy làlana izay toy ny mahitsy amin'ny olona," toy ny hoe marina ilay izy ary alainareo izany, "fa ny fiafarany dia làlan'ny fahafatesana."

99 Andriamanitra, aoka ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra, zazalahy na zazavavy, hizaha ny fony amin'ity fotoana ity; tsy izy ireo, fa aoka ny Fanahy Masina no hizaha azy ireo. Ary raha hanapa-kevitra ao am-pony izy ireo hoe, "Eny, mino aho fa diso aho. Tsy mbola tonga teo amin'io toerana io mihitsy aho, teo amin'izay nahalasanan'ireo zavatra rehetra ireo. Ankehitriny, ary izaho, Ray, dia manaiky Anao izao ankehitriny izao, ho fanampiana ahy, raha mandondòna eo amin'ny foko Ianao. Mbola miantso ahy foana Ianao, raha tsy izany dia tsy ho niresaka tamiko tahaka an'izao Ianao."

Ary enga anie izy ireo hanangana ny tànany, tsy amiko; fa Aminao. Ary amin'ny fanaovana an'izany, dia hanao hoe, "Manomboka amin'ity andro ity, Tompo, dia mitondra ny tenako mankany amin'ilay reniranon'ny fandavan-tena aho. Mitondra ny tenako eo amin'ilay reniranon'ny fahafatesana aho. Eo aho no mitsoboka ao ambany, mba hahavery ny pentimpentina tsirairay izay tsy mety amiko; ny fahazarako rehetra, sy ny tsy fahadiovana, ary ireo eritreritro, ireo tsy firaikako rehetra, ireo fifandirako, sy ady hevitra, sy ny hatezerana, ary—ary ireo zavatra rehetra ireo. Manatsoboka azy ireo fotsiny ao ambanin'ilay riaka aho, ka, rehefa miakatra aho, dia te-hahatsapa tahaka ny nolazain'ny Filazantsara fa tokony haha-izy ahy aho: madio, vonona, miaraka amin'ny fo madio iray, tena fitiavana ny sakaizako. Tsy mampaninona na lozabe toy ny ahoana aza izy ireo, mbola tiako foana izy ireo. Te-hiditra ao amin'ny fiombonana miaraka Aminao aho, hany ka hahatsapa an'ireo fahavaloko tahaka ny Tsapanao aho; te-hahafantatra marina tokoa an'izany, Tompo."

Satria, tsy afaka hilalao amin'izany izahay ankehitriny, tara loatra ilay izy. Mety efa lasa izahay aorian'ny androany. Mety efa lasa izahay afaka dimy minitra manomboka izao, tsy hanana anjara hafa iray intsony izahay. Ary, Andriamanitra, aoka ireo lehilahy sy vehivavy hieritreritra an'izany am-panajana, mipetraka ato amin'ity fiangonana kely ity androany, fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay.

100 Ary raha mbola miondrika ny lohanareo, dia manontany aho raha hisy anankiray hanangana ny tànanareo, ka hanao hoe, "Andriamanitra, tsarovy aho, izaho ilay anankiray izay

mila an'izany fahatsapana izany miaraka Aminao. Manangana ny tànako aho." Ankehitriny, raha tsy manana an'io tena antoka pozitifa io ianareo, dia atsangano fotsiny ny tànanareo. Andriamanitra hitahy anao, ihany koa. Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Ankehitriny, ny tsirairay avy izay tsy pozitifa fa manana an'izany ianareo. Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Ankehitriny misy zavatra . . . Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko. Andriamanitra hitahy anao, ranabaviko. Tsy tena pozitifa ianareo . . . Hitanareo, hitanareo, na oviana na oviana no ahatsapanareo, rahalahy, ny natiora, izay rehetra maha-izy anareo, dia niova.

"Oh, eny, mino aho, Rahalahy Branham."

101 Fa raha raharaha ara-tsaina iray fotsiny ilay izy, dia mino ianareo satria manana fisainana iray hinoana. Tsy izany no resahako ankehitriny. Ny tiako lazaina, dia efa voavonjy marina tokoa ianareo, efa voaisy tombokase tamin'ny fitiavan'Andriamanitra Mandrakizay ianareo, ka afaka ho tia ny olona izay tsy maha-te-ho tia aminareo, ary ao amin'ny toerana iray izay ahafahanareo mitsangana eo anoloan'izy ireo, mihazona ny tànany, ary tsy—tsy miaraka amin'ny fanatika, na fanatisma, raha ny marina, fa miaraka amin'ny tena fo marina iray, mba ahafahany mahatsapa an'izany. Fantany na mody manao an'izany ianareo na tsia. Raiso ny tànany, manaova hoe, "Rahalahy tena malala. Izaho—izaho—diso aho. Izaho—mivavaka aho mba hamelanao ahy. Izaho—tiako ianao." Ary miaraka amin'izany karazana toetra izany, dia afaka manao an'izany marina tokoa avy ao am-ponareo ve ianareo?

Afaka ve ianareo—afaka manaisotra an'ireo zavatra rehetra an'izao tontolo izao ve ianareo, mba hanompo Azy fotsiny? Lasa toerana voalohany ao amin'ny fiainanareo ve Izy? Raha izany, dia ho tahiana ianareo, ary ho eo aminareo ireo Fitahiany. Raha tsy izany, dia ekeo Izy izao ankehitriny izao dia hitahy anareo Izy, ary ho eo aminareo ireo Fitahiany. Tsy aleonareo ve manao Azy hitsiky aminareo? Aleoko manao Azy hitsiky amiko, ka mankahala ahy ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao. Mazava ho azy, mino aho, fa raha mitsiky amiko Izy ka tia ahy, ny olona dia ho tia ahy, ihany koa; ho tia ireo Zanany rehetra. Ary Izy no hanamboatra ahy ao amin'ny toerana iray tahaka an'izany hany ka afaka ho tia an'ilay tsy azo tiavina aho, tahaka ny Nataony, satria ho ato anatiko Ny Fanahiny.

102 Indray mandeha indray, alohan'ny hivavahantsika. Raha misy anankiray izay tsy nanangana ny tànany, ka te-ho tsarovana ao amin'ity vavaka ity, dia hanangana ny tànanareo ve ianareo? Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Marina

izany. Eny àry. Andriamanitra hitahy anao, anaka. Ankehitriny, mahita anao Izy. Misy horonam-peo natao mihitsy izao maraina izao.

103 Mariho ireo teniko raha manakilasy ahy ianareo, ary, fa, amin'ny haja no ilazanareo an'izany, sy amin'ny fitiavana, manakilasy ahy ho mpahita an'Andriamanitra ianareo. Tsarovy, eo amin'ireo bokin'ny Lanitra ity. Manatrika Izy. Tsy ho tianareo ve ny hiaina eo amin'izay ahatsapanareo fa miaraka aminareo mihitsy ilay izao tontolo izao tsy hita maso isan'andro? Ny mahafantatra, rehefa mivoaka eto ianareo ka miditra ao anatin'ny fiaranareo, dia mandray ny toerany eo anilanareo ireo Anjely. Rehefa mandeha mankany amin'io lehilahy any io ianareo, tena tsy maha-te-ho tia aminareo, fa ny Fanahy Masina dia mitsangana eo amboninareo mihitsy, ary manodidina anareo ireo Anjely rehetra.

"Marina ve izany, Rahalahy Branham?"

104 Ny Baiboly no niteny an'izany. "Ireo Anjelin'Andriamanitra dia manodidina, mitoby manodidina azy ireo." Tsy miverina any An-danitra izy ireo; mitoby eo izy ireo. Nirahina eo amin'ireo asa izy ireo mba hiambina anareo mandritry ny diam-piainana. Oh, tsy mahafinaritra ve izany?

105 Ankehitriny, Ray any An-danitra, tsy hamela anay ny fotoana. Tsapanay Ny Fanahinao mihetsika amin'ny alàlanay fotsiny. Ary tianay Ianao, satria tia ny Teny ny Fanahy Masina. Miditra ao amin'ny Teny Izy, ary mandray ny Teny Izy ka manambara an'Izany, manokatra an'Izany. Amin'ny teny hafa, dia manambara an'i Jesosy amin'ny alàlan'Ny Teniny Izy. Satria, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo, dia Kristy." Ary ankehitriny dia miverina avy hatrany ny Teny ka manambara indray, sy manao an'ilay Kristy nitsangana ho voaseho, fa tsy anankiray ara-tantara.

106 O Andriamanitra, enga anie hahita an'izany ilay Fiangonana, izao maraina izao. Fa izany no fanambarana, ny Teny mitondra azy ho amin'ny Fiainana, ny Teny Izy tenany manambara an'ilay Tompo Jesosy nitsangana. Ary eto afovoanay Izy, miandry fotoana iray izay ahafahanay rehetra hiara-hivondrona, ary afaka mampiditra anay ao amin'ny Arivo taona Izy, mandresy amin'ny maha-mpandresy iray ao amin'ny fandresena.

107 O Andriamanitra, tahio ireo izay nanangana ny tànany. Maniry an'io fiainana maha-te-ho tia io izy ireo, feno, voatokana, nohamasinina, feno ny Fanahy Masina, voatokana ho an'Andriamanitra, voasasa tao amin'ny Rà. Maniry fatratra an'izany izy ireo. Miandry izy ireo ankehitriny. Ary enga anie Ianao, tsy amin'ny fomba hafa, fa enga anie hidina fotsiny ny Fanahy Masina. Ary rehefa mivoaka eto izy ireo, dia enga anie

izy ireo hahita fa efa lasa ireo zavatra rehetra izay nifikiran'izy ireo fahiny; enga anie izany ho tavela any aoriana, maty. Enga anie izy ireo hivoaka, izao maraina izao, Kristiana manetry tena, malemy fanahy, tia miaraka amin'ny finoana, mino. Enga anie izy ireo hiaina tena voatokana ho Anao; amin'ny fiafaran'ny fiainany, dia hanatona Anao izy ireo, manana an'izany antoka izany, hoe efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy ireo, ary mahafantatra an'i Kristy ao amin'ny Herin'ny Fitsanganany. Satria, tsy hoe raha taratasy iray fotsiny Izy, na teny iray, na fihodinana iray, na fotoana iray; fa hoe velona Izy, fotoana ankehitriny, Jesosy Kristy nitsangana velona ao amin'ny fiainan'izy ireo. Ekeo izany, Tompo. Mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay, sy ho an'ny Voninahiny. Amena.

Ilay mpangalatra teo am-pahafatesana dia nifaly mba hahita
Io Loharano ao . . . ("Ahoana ny amiko?") . . . andro. (Nahafaly anareo ve izany?)
Ary eo aho no tokony, na dia ratsy tahaka azy aza,
Hanasa an'ireo otako rehetra.
Hanasa ny fahotako rehetra . . . (Oviana no Nanaovany an'izany? Angamba izao ankehitriny izao.)
Nanasa ny rehetra Izy . . .

Manaova hoe, "Niaiky Azy aho. Niteny Taminy aho fa naniry mafy an'izany aho." Noho izany dia Sasany izany.

. . . lavitra;
Ary eo aho no tokony, na dia ratsy tahaka azy aza,
Hanasa an'ireo otako rehetra.

108 Tsy mahafinaritra ve Izy? Mahatsapa ho tena madio ao amin'ny fanahinareo ve ianareo, mahatsapa ny fanamelohana rehetra . . . Firy no mahatsapa an'izany, te-hanangana ny tànanareo ho vavolombelona iray amin'ilay olona mipetraka eo akaikinareo. "Lasa ny fahotana rehetra. Eo ambanin'ny Rà izany rehetra izany ankehitriny. Mahatsapa ho tena tsara aho mikasika an'izany. Nino ny Tompo Jesosy aho."

Hatramin'ny nahitako an'io ony io tamin'ny finoana,
(Tamin'ny ahoana?) Tamin'ny finoana no nahitako an'io ony io
Izay vatsian'ny Ratranao mikoriana,
Ny fitiavana mahavotra no lohahevitro,
Ary ho izany mandra-pahafatiko.

Eny àry, ny rehetra miaraka ankehitriny.

Hatramin'ny nahitako an'io ony io tamin'ny finoana
Izay vatsian'ny Ratranao mikoriana,

Manavotra . . . (Tsy *anarana*, tsy *zavatra*.) . . . efa
lohahevitro,
Ary ho izany mandra-pahafatiko.

Ary ho izany mandra-pahafatiko,
Ary ho izany mandra-pahafatiko;
Ny fitiavana mahavotra no lahatsoratro,
Ary ho izany mandra-pahatongako . . .

109 (Moramora, raha sitrakao, ranabavy.) Ho inona ny lohahevitrareo? "Eo amin'izay misy ny fiteny tsy fantatra, dia hitsahatra izy ireo; eo amin'izay misy ny faminaniana, dia ho levona izany; eo amin'izay misy ny fahalalana, dia hanjavona izany. Mahafantatra isika ao amin'ny ampahany, mahita isika ao amin'ny ampahany, maminany isika ao amin'ny ampahany. Fa rehefa mahita isika, mifanatrika, amin'izay fotoana izay dia hahafantatra ianareo tahaka ny ahafantarana antsika. Rehefa tonga ny tanteraka, amin'izay fotoana izay dia ho foana izay ampahany; fitiavana tanteraka, manavotra, tsy mifangaro an'ny Fanahy Masina, ao amin'ny fanahin'olombelona iray izay efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana."

110 Oh, mahatsapa ho tena tsara aho. Ary ianareo? Firy no te-hihira hira tranainy iray miaraka amiko? Tianareo ve ny hanao an'izany? Ilay anankiray izay nohiraintsika fahiny taona maro lasa izay fony tsy nisy afa-tsy vovon-kazo tao amin'ny fiangonana. Tonga ny olona rehetra, nipetraka, tsy niresaka, nangina arak'izay naha-izy azy ireo fotsiny ny olona rehetra, nipetraka, nisaintsaina. Tonga ilay mpitendry piano. Tao amin'ny efitra fivavahana aho, nianatra. Nanomboka ilay izy:

Teo amin'ny hazo fijaliana izay nahafatesan'ny
Mpamonjiko,
Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny ota;
Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

111 Tsaroanareo ve ireo andro ireo? Nidina tao anatin'io fahamoram-panahy sy fitiavana io ny Fanahy Masina, nandresy lahatra an'ireo mpanota, ka nanatona ny hazo fijaliana izy ireo. Ndao isika hihira an'izany fotsiny ankehitriny, ny tsirairay avy amintsika. Firy no mahafantatra an'izany? Ndao isika hihira an'izany ankehitriny, ao amin'ilay fomba fanao fahiny fotsiny ankehitriny. Eny àry.

Teo amin'ny hazo fijaliana izay nahafatesan'ny
Mpamonjiko,
Teo no niantsoantsoako ho fanadiovana ny ota;
Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

Voninahitra ho an'Ny Anarany! (Sarobidy . . .)
Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!

Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

Manontany aho raha afaka manondrika ny lohanareo iray minitra fotsiny ianareo.

Voavonjy tamim-pahagagana tokoa tamin'ny ota aho, (Ary ianareo?)
Mitoetra ao anaty amim-pahamoram-panahy Jesosy,
Teo amin'ilay hazo fijaliana teo no Nandraisany ahy; (Oh, oadray!)
Voninahitra ho . . .

Ankehitriny dia aondreho fotsiny ny lohanareo ka mivavaha.

Noho izany, voninahitra ho an'Ny . . .

112 Eritrereto hoe tsara toy ny ahoana Izy taminareo, ireo fizahan-toetra maro izay nandalovanareo. Rehefa narary ireo ankizy kely, dia nanasitrana azy Andriamanitra. Rehefa nandry tao amin'ny hopitaly tany ianareo, niandry anareo ny ether, dia inona no nitranga? Iza no nitondra anareo nivoaka? "Izaho no Tompo izay manasitrana anao." Tsaroanareo ve izay nolazainareo rehefa nanomboka niditra tao amin'ilay efitra ianareo? Tsaroanareo ve rehefa nihevitra ianareo fa tamin'io alina io ianareo dia nanana . . . tratry ny aretim-po? O Andriamanitra! Inona no Nataony?

Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
Teo amin'ilay hazo fijaliana teo no Nandraisany ahy, (Nandraisako anao tamin'ny teninao.)
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

113 Ankehitriny ndao isika hisamonomonona an'izany. Ankehitriny manatsora tànana any amin'ilay olona mipetraka eo akaikinareo, raiso ny tànan'izy ireo, manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Tena faly aho fa Kristiana iray. Ary ianao?" Raiso ny tànan'ny olona iray mipetraka eo akaikinareo.

Teo amin'ilay hazo fijaliana teo no Nandraisany ahy;
Voninahitra ho an'Ny Anarany!

114 Izaho—tiako fotsiny ny hahatsapa tahaka an'izao. Tiako ny manompo an'Andriamanitra amin'ny filaminana tahaka an'izao. Zavatra izay manana tena dikany iray ho an'izany. Ny mahatsapa fotsiny fa misy Zavatra akaiky! Inona no nitranga? Teo amin'ny antso eny amin'ny alitara, rehefa nanaiky an'i Kristy ireo mpanota ireo, dia nitsangana avy teo amin'ny sezany ireo Anjely. Hitanareo, izany no manao anareo hahatsapa tahaka an'izao. Mino an'izany ve ianao, Rahalahy Hickerson?

Oh, voninahitra . . .

Fanompoana izao, rehefa manompo an'Andriamanitra ny fanahy. Efa nivoaka ny Teny, hitanareo. Mitahy sy manondraka ny Fanahy Masina ankehitriny.

> . . . Anarana sarobidy!
> Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
> Voninahitra ho an'Ny Anarany!

115 Ry Rainay any An-danitra, satria ilay Fanatrehana tsara tarehy, masina an'ny Fanahy Masina ankehitriny no mitsangana eto mitahy an'ireo Zanany, imbetsaka no tsy maintsy Nanitsiany azy ireo, "Fa ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra, dia tsy maintsy faizina aloha ary zahan-toetra, mahazo fanofanan'ankizy, fananarana," tsy misy fanavahana; ny tsirairay avy. Fa rehefa miaritra ny fanitsian'ny Rainay izahay, amin'izay fotoana izay dia izany no mamokatra an'ilay voa ankehitriny sy mahafinaritra. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hamelanao fotsiny ny ankizy tsirairay hahafantatra an'izany. Tsy mandeha, mieritreritra kely fotsiny, fa aoka izy ireo hahafantatra fa izany no Fitahianao ho azy ireo. Ilay ronono tso-po an'ny Filazantsara, miraraka ao anatin'ny fanahin'izy ireo, ronono sy tantely avy ao amin'ny Tanin'i Kanana, divay vaovao mba hampientana azy ireo amin'ny finoana; manompo, ny fo miondrika eo Anatrehanao, ny tànana mitsangana, ny ranomaso mikoriana amin'ny takolaka, manompo am-pilaminana, am-panajana.

116 O Andriamanitra, tena faly aho! Tiako loatra fotsiny Ianao, Tompo! Te-haneho Aminao ny fihetseham-poko aho, raha vitako, amin'ny fisaorana fotsiny, maneho an'ilay tena fanompoana avy ao am-poko, fa tia Anao aho, Ianao ilay Anankiray tsy manan-tsahala. Tiako Ianao. Matetika ao anatin'ireo fizahan-toetra lehibe, mahita fiaramanidina iray mitsingevana eny amin'ny habakabaka, mihodinkodina manodidina ny tafio-drivotra, mijery ny tany eo ambaniko, mihodinkodina, vavaka kely fotsiny dia mahitsy ilay izy; mahafantatra fa hitsoraka ao amin'ny fahafatesana afaka iray minitra. Nitsangana tany teo anatrehan'ireo mpampianatra mpamosavy sy ireo devoly, ireo fihaikana ary nandroso; vavaka kely iray fotsiny, manao azy ireo hitsangana, malemy.

Toy ny ahoana no ikiakiahan'ireo demony ka nivoaka avy amin'ireo Zanakao, tamin'ny alàlan'ny vavaka. Oh, ny Fitiavanao, Tompo! Mahita an'ilay madinika kely, marary, tonga, manao hoe, "Dada, hivavaka ho ahy ve ianao?" Mahita fa mampangina ny tazo Ianao, nampitony an'ilay ankizy, tahaka ny reny iray nampangina azy eo an-tratrany. Toy ny ahoana no isaoranay Anao! Angamba ho tonga ny olana. Fantatray, raha mijery any aloha izahay ka mahita an'ireo samonta lehibe, misy tafio-drivotra any. Araka ny nolazain'i Davida fahiny hoe, "Tsy hatahotra ny ratsy aho, Ianao no amiko." Misaotra Anao izahay. Manompo Anao izahay. Mahita an'ireo fanahy manatona Anao;

ny mandringa, sy ory, sy jamba, marenina, ary moana sitrana, ho fanamarinana Ny Fanatrehanao.

117 Tahio ity mpanatrika kely ity ankehitriny raha miandry izahay. Misaotra Anao izahay ny amin'ny fanahy tsirairay izay manatona Anao. Ary mivavaka izahay mba Hitahianao azy ireo mihoatra, betsaka androany. Ary enga anie, manomboka amin'ity andro ity, hifarana ireo fizahan-toetrany sy ireo olany rehetra; enga anie ny ady eo amin'izy ireo sy Andriamanitra ho voalamina izao ankehitriny izao, ka hihavana amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'ny Ràn'Ny Zanany izy ireo, mahafantatra fa Nomeny Ny Zanany mba hanafoana ny ady eo amin'Andriamanitra sy ny olona, mba hampihavana ny olona indray amin'Andriamanitra, izay tao amin'ny fifandrafiana indray mandeha tamin'Andriamanitra, fa ankehitriny dia efa nentina akaiky, ary nandray azy ireo amin'ny maha-Zanakalahiny sy zanakavaviny Andriamanitra. Ankehitriny dia tsy fahavalo sy vahiny intsony izy ireo, fa zanaka malala. Mivavaka izahay mba Hamelanao azy ireo hahafantatra an'izany. Aza avela hanala an'izany ao am-pon'izy ireo ilay fahavalo. Fa avelao izy, avelao izy ireo hahafantatra fa nandondòna teo amin'ny fon'izy ireo Ianao ka nanaiky Anao izy ireo, nanangana ny tànany. Izay ilay izy, Tompo. Ary mivavaka izahay mba hahafantaran'izy ireo an'izany sy hitiavany Anao foana ary ho tia ny namany. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
Oh, Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

Avia, ianareo olo-masin'ny finoana, ambarao,
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao;
Amin'izay fotoana izay dia haneno ireo lakolosin'ny Lanitra,
Jesosy, ilay Hazavan'ny . . .

Tianareo ve Izy? Ndao isika hihira ankehitriny, sitrakareo ve?

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, tena Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,

Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

118 Ataoko fa feno fifohazana fotsiny aho. Oh, ndao isika hihira an'izany indray. Sitrakareo ve? Ndao isika hanakimpy ny masontsika ka hanangana ny tànantsika. Canada, na avy aiza na aiza ianareo; ity vondron'olona kely eto ity dia avy amin'ny ampahany samihafa an'ny firenena. Ndao isika hihira an'izany ankehitriny, akimpio fotsiny ny masontsika, atsangano ny tànantsika.

Handeha ao amin'ity Hazavana ity isika, tena Hazavana tsara tarehy Izany,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny famindrampo Izany;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro . . .
(O Andriamanitra!)
Jesosy, ilay Hazavan'izao tontolo izao.

119 (Tendreo iray minitra fotsiny izany, ranabavy.) Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia Izy no ilay Andry Afo izay nitarika an'ireo zanak'Isiraely. Kristy izany, ilay Anjelin'ny Fanekena. Izay rehetra mahafantatra an'izany, dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

120 Ao amin'ny Testamenta Vaovao, dia naneho ny Tenany tao amin'ny nofo Izy, mba hanaisotra ny fahotana, mba hamerina antsika ho zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra.

121 Indray andro, teny an-dàlana, dia tonga ny Jiosy antitra kely iray, sahisahy, ary nandeha tany izy mba hisambotra an'ireo olona izay nitomany, sy nidera an'Andriamanitra, ary naminany. Ary inona no nihaona taminy? Hazavana iray tsara tarehy. Ao amin'ny Vatana inona Jesosy ankehitriny? Hazavana iray, ilay Andry Afo iray ihany izay naha-izy Azy tany amin'ny voalohany.

Nihaona tamin'i Saoly avy any Tarsisy Izy, ary tonga tena akaiky azy ilay Hazavana, teo amin'ny masony, hany ka nanajamba azy izany, nanao hoe, "Nahoana ianao no manenjika Ahy?"

Hoy izy, "Iza moa Izany, Tompo?"

Hoy Izy, "Izaho no Jesosy."

122 Androany, indro Izy eto, miaraka amintsika Izy. Manana ny Sariny miaraka amintsika mihitsy aza isika. Maha-te-ho tia ve Izy? "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Noho izany dia haninona isika?

Handeha ao amin'ny Hazavana isika . . .

Maneho Ny Teniny Izy. Velona Izy.

. . . Hazavana tsara tarehy,
Tonga teo amin'ireo ando . . .

Ankehitriny aoka ny marary hanatona manodidina ny alitara ankehitriny, izay te-hivavahana.

Mamiratra manodidina antsika rehetra andro aman'alina,
Jesosy, ilay Hazavan'ny . . .

Tiako ianao hitendry ny, *Ilay Mpitsabo Lehibe*.

123 Nisy zavatra tonga tao an-tsaiko. Tsaroako indray mandeha tao amin'ny fotoana iray, nivavaka ho an'ny marary aho. Ary nisy ramatoa iray izay nitondra zazavavy kely iray nandringa teo amin'ny lampihazo. Ary nanatrika ny Fanahy Masina. Ary izy ireo . . . Ankehitriny, hamarana isika afaka folo minitra manaraka fotsiny. Ary nitondra zazavavy kely mandringa iray izy ireo, ary izy dia—dia lefak'ozatra kely iray, milaza izy ireo fa tratry ny paralysisa, paralysisan-jaza. Ary nifintina ireo ranjo keliny, ka tsy afaka nandeha izy. Fantatrareo ve hoe taiza no nanaovako an'io asam-panasitranana io? Na dia toa hafahafa aza ilay izy, tao amin'ny fivoriana iray Dunkard izany, Dunkard, fa tsy Pentekotista; Dunkard. Tsy nisy olona nahafantatra fa tany aho, tsy nisy tamin'ny fiangonana. Ny Tompo fotsiny no nitarika ahy tany. Tsy nahafantatra na inona na inona mikasika ny batisan'ny Fanahy izy ireo. Miresaka ny amin'ny Lanitra iray eto an-tany, nidina tahaka ny nataony ankehitriny mihitsy ny fitiavana. Hoy aho hoe, "Ankehitriny dia hanomboka an'ilay laharam-bavaka isika." Hoy aho hoe, "Ianareo rehetra miaraka amin'ny karatra fangataham-bavaka," manomboka amin'ny nomerao anankiray, "mitsangàna eto ankavanako." Nalahany izy ireo. Saiky ilay olona faharoa, dia ramatoa iray nitondra zazakely kilemaina iray, zazavavy kely iray. Nanomboka niresaka mikasika an'izany ny Fanahy Masina. Ary ilay ramatoa izay mipetraka eo amin'ny piano, no nitendry hoe:

Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny,
Ilay Jesosy mangoraka;
Miteny amin'ireo fo miondrika Izy mba hifaly,
Tsy misy anarana hafa afa-tsy Jesosy.

124 Raha mbola nanindry an'ireo fitendrena ivoara izy . . . Nanana tavoahangy menaka kely iray aho tao anatin'ny paosiko, izay namboariko. Diloilon'oliva izay avy amin'ny hazo oliva izany. Dia nivoaka aho ary nivavaka ho an'ny marary tamin'io hariva io, ary niditra tao amin'ny Fanahy ka nitomany, nanomboka niraraka teo amin'ny tarehiko ireo ranomaso. Nanana an'io diloilo io aho, noho izany dia hitako fa io diloilo io dia . . . nilatsaka tao anatin'io diloilo io ireo ranomaso. Nandeha aho ary naka singa telo hafa, ka nanosotra azy, Naka aho ary nanosotra an'ilay zazavavy kely tamin'izany.

Nametraka ny tànako teo aminy aho. Hoy aho hoe, "Ray any An-danitra, Ianao no Mpitsabo lehibe, ary indro eto Ianao ankehitriny." Dia nijery ahy ilay zazavavy kely, niolankolana, nitsambikina avy teo amin'ny sandriko, nidòna tamin'ny

gorodona, nandeha nihazakazaka nanerana ny gorodona. Torana ny reniny; Dunkard. Ary nijery ilay ramatoa teo amin'ny piano, ary nivadika tena fotsy izy ka nikorontana fotsiny. Ary nitendry tsy ankitsahatra ilay piano hoe:

Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny,
Ilay Jesosy mangoraka;
Miteny amin'ireo fo miondrika Izy mba hifaly,
Tsy misy anarana hafa afa-tsy Jesosy!

125 Zazavavy Dunkard kely iray nipetraka teo, voamariko izy naka ny fofon'ainy tena mafy. Tsy mbola nandre ny amin'ny pentekosta mihitsy izy. Ankizy kely tsara tarehy, volo fotsy lava, mavo mena, voamboatra. Fantatrareo hoe ahoana no iakanjoan'izy ireo, ireo satroka fotsy kely eo aminy. Nilatsaka teo amin'ny lohany fotsiny ilay izy. Nanangana ny tànany izy ary nanomboka nihira. Tsy fantany izay nohirainy, tena tao amin'ny Fanahy izy.

126 Ary ny fiangonana manontolo, iray saina, dia tonga, nitomany teo amin'ny alitara ary nanaiky ny Tompo Jesosy. Ary ny Fanahy Masina no nanao batisa azy ireo, ny tsirairay avy, tamin'ny fitiavana. Ahoana fa nitomany izy ireo, nanitsy, ary fifandraisan-tànana, no niseho. Izany no Pentekosta.

127 Ilay Jesosy tsy miova no eto. Ankehitriny aza miezaka ny. . .Hitanareo, miezaka ianareo ny mieritreritra hoe, "Eny," mametraka ny fisainanareo eo amin'ny zavatra iray lavitra be ianareo eo, ary angamba *ity*, na, "Haka anjara iray aho." Tsara aminareo mihitsy ny miverina eny amin'ny sezanareo, raha tsy efa manapa-kevitra ianareo ao an-tsainareo hoe, "Ity no izy!" Rehefa azonareo izany, dia tapitra ilay izy. Mandrapahatongan'izany, dia mbola eo foana izany.

128 Ankehitriny raha sitrakareo, dia manatòna akaiky fotsiny arak'izay vitanareo eto amin'ny alitara, ka fenoy ireo toerana. Hangataka an-dRahalahy Neville aho hanampy ahy. Indro ny diloilo fanosorana; tiako Rahalahy Neville hanosotra ny tsirairay avy raha mametra-tànana eo amin'izy ireo aho. Ankehitriny raha tena mino an'izany marina tokoa ianareo, dia ity izany! Minoa marina tokoa amin'ny fonareo rehetra. Ankehitriny dia ndao isika hihira tena moramora, isika rehetra miaraka, raha mihira isika ankehitriny ny *Ilay Mpitsabo Lehibe*:

Ilay Mpitsabo Lehibe dia akaiky ankehitriny,
Ilay Jesosy mangoraka;
Miteny amin'ilay fo miondrika Izy mba hifaly,
Oh, henoy ny Feon'i Jesosy.

Naoty mamy indrindra eo amin'ny hiran'ny serafima,
Anarana mamy indrindra eo amin'ny lela mety maty,
Hira mamy indrindra hany nohiraina,

Jesosy, Jesosy finaritra.
Ankehitriny ny lohanareo miondrika.
Zory ny làlanao am-piadanana ho any An-danitra,
Ary mitondra ny Anaran'ny . . .

129 Ry Rainay any An-danitra, "Ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary," hoy ny Teny. "Ary Elia dia olona nanana fihetseham-po tahaka antsika ihany." Ary, Andriamanitra, enga anie izahay ho tsy mihitsy, tsy ho meloka mihitsy amin'ny fanaovana ny Filazantsara ho tena sarotra amin'ny olona ka hihevitra izy ireo fa olona ilay izy raha tokony ho Andriamanitra. Ankehitriny dia hanaraka fotsiny an'ilay fitsipika izahay. Ary miaraka amin'ireo hira sy hira fiderana ireo, dia niditra tao amin'ny fiombonana voatahy tamin'ny hafa izahay. Noho izany, dia manana Mpisoronabe iray izahay izay tonga miaraka aminay, niditra niaraka taminay Izy, ary azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalemenay Izy. Maro no mitsangana eto amin'ny alitara izao maraina izao, manana ilaina. Ary mandefa ny Mpanomponao malala sy mendri-kaja aho, ny Rahalahiko Neville, lehilahy iray mendri-kaja, marina iray; tahaka an'i Elia, manana fihetseham-po tahaka an'i Elia, izahay rehetra. Ary maniraka aho.

130 Hoy Ianao hoe, "Aoka izy ireo hanosotra diloilo azy ireo, hivavaka ho azy ireo," *ireo*, ilay Vatana, "ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary." Ary mivavaka amin'ny foko rehetra aho, Tompo, ho an'ny isam-batan'olona tsirairay eto. Fantatrao izay ilain'izy ireo. Ary mivavaka aho mba Hanasitrananao azy ireo.

Ankehitriny, Jakoba no nanoratra an'izany ho an'ilay Fiangonana, teo ambanin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina izay nomen'Andriamanitra azy, izay natao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao.

131 Jesosy, teo am-pialana, dia nanao hoe, "Tokony hametraka ny tànany eo amin'ny marary koa izy ireo, dia ho sitrana ireny."

132 Tahaka ny anirahako ny rahalahiko hanao ny asa izay nanirahana an'i Jakoba tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, mba hanosotra; miverina amin'ny alàlan'ny fanirahan'ny Tompo Jesosy sy ny Fanahy Masina ihany koa izahay, mba hametra-tànana eo amin'izy ireo. Dia ho sitrana ireny.

133 Ankehitriny, Tompo, amin'ny foko rehetra, ary misy olona maro izao maraina izao mikambana amiko, miaraka amin'ny tanjako rehetra, sy amin'ny heriko rehetra, dia mivavaka ny vavaky ny finoana ho an'ny olona tsirairay izay mitsangana eto aho, mangataka mba tsy hananan'izy ireo fisalasalana ao an-tsainy, fa hiverina eny amin'ny sezany izy ireo miaraka amin'ny fahatokiana azo antoka sy tanteraka fa nekena ho azy ireo ny fanirahan'Andriamanitra, ary azo antoka fa ho tonga voaseho ao amin'ny fanasitranan'izy ireo Ny Teniny. Mivavaka an'izao

fitahiana izao ho azy ireo aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

134 Ankehitriny ny tsirairay avy aoka . . . [Elanelana tsy voarakipeo. Maharitra mandritry ny iray minitra sy iraika amby telopolo segondra ilay laharam-bavaka, tsy azo fantarina ireo tenindRahalahy Branham—Mpand.] . . . ? . . . [Elanelana tsy voarakipeo.]

135 Rehefa nivavaka ho an'ny zazavavy kely iray aho ka naminany teo aminy, mikasika ny zavatra goavana iray niraikitra teo amin'ny lohany sy teo amin'ny tarehiny *teto*, ahoana fa nihena ilay izy ary ho salama. Indro ilay zazavavy kely, miaraka amin'ny kely indrindra amin'izany lasa, nanerana ny tarehiny sy ny zavatra hafa rehetra. Ilay reny dia mitondra, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, ary mba hanehoana fa maina izy rehetra, tsy misy afa-tsy holatra iray fotsiny. Ranabavy, hoy Jesosy indray mandeha hoe, "Tsy nisy sivy sitrana ve?" Tonga ny anankiray ka nanome voninahitra, hitanareo. Isaorana Andriamanitra ny amin'izany. Ankehitriny, malala, haniry eo ambonin'izany indray ilay volo. Tsarovy hoe ahoana no nilazandRahalahy Branham taminao tany tamin'io hariva io, ary ho salama tanteraka sy ara-dalàna ianao.

Ary hiondrika isika mba hisaotra an'Andriamanitra.

136 Ankehitriny, Ray, misaotra Anao izahay nohon'ny Fanasitrananao. Ary misaotra Anao izahay ny amin'io reny mahatoky sy zazavavy kely maha-te-ho tia io, izay vonona ny ho tonga ka haneho fa mbola velona sy manjaka foana Jesosy. Ny mahita an'io zavatra goavana, ratsy tarehy tahaka ny homamiadana io, mibontsina manerana ny lohany sy ny ilany eo, ary nanasitrana azy Ianao ka nanaisotra an'izany. Misaotra Anao izahay ny amin'izany. Ary mivavaka izahay ankehitriny mba Hitahianao an'io reny mahatoky io, izay mientanentana ny fony. Rehefa vehivavy iray ilay zazavavy kely, dia enga anie izy mbola hanambara foana ny fiderana Anao.

137 Ankehitriny dia manohy mametra-tànana eo amin'ny marary aho, raha manosotra izaho sy ny rahalahy. Ary enga anie izy ireo handray an'ilay karazana fitahiana iray ihany tahaka ny noraisin'ity zazavavy kely ity. Raha afaka mino an'izany fotsiny mantsy izy ireo amin'ny finoan-jaza, tahaka ny nataon'ilay ankizy, dia tokony ho izany ilay izy. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

138 Tena mahafinaritra. Tena faly aho izao maraina izao, fa tao amin'ny fotoan'ny fanompoana isika ary nanana an'ity fotoan'ny fiombonana miaraka ity, ny iray amin'ilay hafa, raha mbola ny Ràn'ny Tompo Jesosy no manadio antsika ho afaka amin'ny fahotana rehetra. Ary izaho . . .

139 Ho an'ireo vahiny ato amin'ny vavahadinay, te-hanasa anareo hiverina izahay. Tongava rahariva, ho an'ny fotoana

hariva. Raha ato amin'ny tanàna ianareo ka te-hiverina ary hiaraka aminay indray rahariva, dia ho tena faly aho. Misokatra foana ireo varavarana. Tsy manana anaram-piangonana izahay, tsy manana fanekem-pinoana . . . Kristy, tsy manana lalàna afa-tsy fitiavana, ary tsy manana boky afa-tsy ny Baiboly. Ary tianay ianareo, manasa anareo izahay, ary asaina am-pitiavana ianareo.

140 Ary mangataka koa aho, raha mandeha eo amin'ny dianareo ianareo, rehefa miala amin'ny tanànanay ianareo sy ireo ampahany samihafa an'ny firenena, mba hahatsiaro ahy ao amin'ny vavakareo, amin'ny maha-sakaizanareo mpanompo ao amin'i Kristy, ary ao amin'ny—ary ao amin'ny fitiavana sy ny fiombonan'ny Fanahy Masina. Tsy maintsy hiainga tsy ho ela mihitsy aho ankehitriny, ho—ho any Canada, sy ho any California. Am-pahatsorana, dia hifindra any California aho. Koa noho izany aho—tiako ianareo ho ao amin'ny vavaka ho ahy, ao amin'ny vavaka betsaka ho ahy, ankehitriny aho dia manana zavatra iray izay tsy maintsy andraisako fanapahan-kevitra iray avy hatrany, hitanareo, ary tena sarotra ilay izy, ary izaho—izaho—mivavaka aho mba ianareo—hitondranareo ahy ao am-ponareo ka hahatsiaro ahy. Satria, fantatro fa ny vavaka no manova zavatra. Ny vavaka no manao zavatra ho antsika.

141 Ary ankehitriny, androany, izaho—miala tsiny aho mihazona anareo tara tahaka an'izao, sy mihazona ny rahalahy malalantsika, pasitera eto, lavitry ny polipitrany. Tena miala tsiny aho, saingy tsy fantatro fotsiny angamba . . . Tsy maintsy miala haingana mihitsy aho. Ary tsy nahita fifampiresahana kely aho, nipetraka teo ambonin'ny birao. Fa raha mbola manamarina ny pasitera . . . Tonga avy tany Angletera ny rahalahy iray, hoy izy, mba hijery ahy minitra vitsy fotsiny. Ary te-hahita an'ilay rahalahy aho. Maniry aho ny hanana fotoana handraisana ny tànanareo ka hahita anareo rehetra, saingy tsy afaka aho. Ankehitriny, mba hahazoana ny—ny fifampiresahana kely iray amin'ireo maraina ireo rehefa eto aho, dia antsoy ny sekreterako, Rahalahy Cox mipetraka eto, ary manaiky an'ireo zavatra ireo izy. Izany no antony tsy maintsy—tsy maintsy anaovanay ny fotoanay, mba ahafahanay mamela an'ireo zavatra ireo. Fa ity rahalahy ity, tsy nahafantatra an'izany, ary avy any Angletera . . . Natao hiala eto aho afaka roa ambin'ny folo minitra manaraka, noho izany aho—aho, hia, amin'ny roa ambin'ny folo ora, noho izany aho—tsy maintsy mandeha haingana aho ary miala. Ary noho izany dia mamelà ahy ianareo rehetra, handeha ao amin'ny efitra miaraka amin'ilay rahalahy aho ho an'ny fifampiresahana, mandritry ny minitra vitsy. Ary hahita anareo rehetra indray aho vantany vao miverina. Mivavaha ho ahy.

142 Ireo fivoriana ankehitriny dia ho any—any amin'ny Fiangonana Filadelfiana, amin'ny Alakamisy hariva. Ho ao amin'ny Convention Hall izahay, amin'io herinandro ho avy io,

amin'ny Alarobia hariva. (Misaotra anao, tompoko.) Izahay dia ho ao amin'ny—ao amin'ny—ny Full Gospel Christian Business Men's Fellowship, Iraisam-pirenena. Ary tsy maintsy hiresaka aho ny harivan'ny . . . ny maraina fahatelo amby roapolo, ao amin'ny Leami- . . . Hotel any—any Minneapolis, Minnesota. Ary avy eo ao amin'ny Convention Hall, heveriko fa izay ilay izy, ny manaraka, amin'io hariva io, ny Sabotsy izany. Ary amin'ny—amin'ny Alahady, dia ao amin'ny Heart's Harbor Tabernacle aho miaraka amin'ny Rev. Gordon Peterson, ary fotoan'ny toriteny iray izany. Ary ny Alatsinainy hariva, sy ny Alatsinainy manontolo andro, dia ao amin'ilay fivoriana mandritry ny dimy andro.

143 Avy eo dia manana ny HOY NY TOMPO HOE aho ho entina any amin'ny vehivavy iray any Canada avaratra. Ary handeha any aho, handeha hiaraka amiko ny vadiko, sy ireo ankizy, mandritry ny fotoana fohy fotsiny. Miverina aho mba—mba, handalo, hijery ny sakaizako, Ern Baxter. Manana zavatra ho lazaina aminy aho any Vancouver. Ary aorian'izany avy hatrany, dia handeha any Washington aho, ho any amin'Atoa. Rasmussen, mandritry ny indray andro any hamangy azy.

144 Avy eo dia mandeha any La Crescenta aho, California, mba handamina zavatra sasantsasany, izay, efa vita ny tranolaiko ary vonona ny handeha eny amin'ny saha ankehitriny. Ary noho izany, eny, hanomboka any amin'ny Morontsiraka Andrefan'i California angamba aho, handeha hitety an'i California sy Arizona, amin'ity ririnina ho avy ity, raha sitraky ny Tompo; afa-tsy amin'ny fotoana malalaka eo anelanelan'ireo fivoriana ho an'ny fivoriana iray handehanana any Afrika indray. David du Plessis sy ny maro amin'ireo lehilahy avy any Afrika eto, izay te-hametraka ny Asam-pitoriana Afrikana, dia niaraka tamiko tao amin'io fivoriana io. Hihaona any, handeha hiaraka amin-dRahalahy Arganbright izahay ary hanao vavaka, mba hahita hoe ho aiza ilay fivoriana manaraka.

145 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Noho izany dia tsy maintsy tia ahy ianareo, raha tia Azy, satria ao Aminy aho. Ary mifankatia isika. Ny Tompo hitahy anareo.

Ny Rahalahy Neville malalantsika, Andriamanitra hitahy anao. Misaotra anao nohon'ny fotoana, Rahalahy Neville.

56-0617 Apokalypsy, Bokin'ny Mari-pamantarana
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org